VONOAN'OLONA TENY MASINDRAY 4

# MPIVADY NIRAY TSIKOMBAKOMBA NAMONO NY MPAMPIASA AZY


# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7856 Taona faha-26 **Vidiny : 500 Ariary** Gazety mivoaka isan'andro Sabotsy 27 aprily 2024


MARINA IZANY ! 6

## HAZAKAZAKA ARAHIN-TOSIKA !

FANDAHARANA UP-FANKATIA 15

## TÉLÉ-RÉALITÉ VOALOHANY NOVOKARINA HO AN'NY MPIFANKATIA




IRAKY NY FMI NIHAONA TAMIN'NY CSI 6

# MANOLO-KEVITRA NY AMIN'NY TOKONY HANOHIZANA NY ADY AMIN'NY KOLIKOLY



KITRA- ARSÈNE MALABARY 10

## HAMPITA NY FAHAIZANY AMIN'NY KLIOBA MARO



Tsaroako ilay"... 3

FARAH JHON'S

## NOHO NY HARATSIN' NY LALANA, 500M NATAO IRAY ANDRO

OLGA RAMALASON - TELO ANDRO TENY ANTANIMORA 6

## NALEFA NODY







Fifaninanana Dihy - "7 to Smoke"

# Nasain'ny Sk Association hanafana ny sehatra ny "Dancehall Tana"



Zavakanto, fialamboly, fitaizam-batana sy fanehoana firaisan-kina sy firaisan-tsaina ny dihy.

Roa andro sisa dia higadona ny fifaninana Dihy karakarain'ny Sk Association etsy amin'ny La Fabrik Andraharo izay hanomboka amin'ny 1ora antoandro. Efa mipetrapetraka daholo ny fandaminana rehetra. Hisy ny tolotra miavaka entin'izy ireo ka izay 30 tonga voalohany amin'ny dia hahazo fanomezana Cocacola Canettes (15 ho an'ny lahy 15 ho an'ny vavy). Ity fifaninanana ity ihany koa dia hiavaka tsy tahaka ny fifaninanana hatramin'izay satria ankoatra ny fifaninanana dia hisy fampisehoana dihy handraisan'ny mpandihy hafa anjara eny antsefatsefany eny ka anisan'ny handray anjara amin'izany ny Dancehall Tana. Tanora resy lahatra amin'ity dihy avy any Jamaika ity ry zareo ary te hitondra izany amin'ny sehatra avo kokoa. Tsy nitsahatra ny manao famerenana ary mitady zavabaovao mampiavaka azy amin'ny mpandihy hafa ny Dancehall Tana. Amin'izy ireo ny fandraisana anjara amin'ny fampisehoana tahaka itony dia fampiroboroboana ny dihy maroloko sady fampahafantarana ny vokatry ny fikarohana ataon'izy ireo amin'ny maha zavakanto azy. Porofoin'ny Dancehall Tana amin'ity seho ataon'izy ireo ity ihany koa fa ankoatra ny maha zavakanto ny dihy dia fialamboly, fitaizam-batana sy fanehoana firaisan-kina sy firaisan-tsaina ny dihy. Tiana ny mampatsiahy fa maro ny mpifaninana avy any amin'ny faritra hiatrika ity fifaniana dihy karakarain' ny SK Association ity. Misy ny fifaninana "Battle 1vs1" sy fifaninanana Battle ho an'ny isan-tarika ka izay voalohany no mahazo loka. Vola mitentina 150 000 ariary ho an'ny "Battle 1vs 1" miampy t-shirt, raha vola mitentina 50 000 ariary ho an'ny "Battle isan-tarika" ary samy hahazo T-Shirt avokoa ny ao amin'ny tarika. Hikosoka ny kapila mandritra ny hetsika "7 To Smoke" moa i Dido izy efa fantadaza amin'ity sehatra ity.

Tiaray R

Fara Gloum sy Mbola Talenta

# Hivazo an-gitara eny amin'ny Ankanimbazimba Anosiavaratra

Anio, eny Anosiavaratra ao amin'ny Ankanimbazimba no hifamotoana amin'ny mpankafy azy i Fara Gloum sy Mbola Talenta. Mpamoron-kira sady mpitendry izy miandahy ireo fa ny fitendrena gitara no mampiavaka azy. Vazo an-gilita no hitondran'izy ireo ny fampisehoana hataony. Samy hanolotra ny hirany ho an'ny mpifankatia izy miandahy amin'io fotoana io fa misy kosa ireo hira iarahana mitendry sy hiarahana mivazo. Anisan'ny nahafantarana an'i Fara Gloum ny fanaovany hiran'olona saingy tsy hianona amin' izany izy fa hitondra ireo hirany noforoniny manokana. Mbola Talenta kosa dia manana ny mozika mampiavaka azy fa ny tena hasongadiny dia ny fitendrena ireo hira tranainy amin'ny alàlan'ny bagasy. Betsaka ihany koa ny hira izay noforonony ka harafiny ao anatin'ity fampisehoana ity avokoa izany. Ankoatra izay dia hisy mpanakanto tsy hampoizina nasaina hanafana ny sehatra miaraka amin'izy ireo saingy mbola mijanona ho tsiambaratelo aloha izany fa ny fanatrehana ny fampisehoana no hahafantarana azy. Hanomboka amin'ny 2 ora tolakandro ny fampisehoana saingy tsara kokoa ny fahatongavana mialoha. Efa misy ihany koa ny tolotra zava-pisotro sy tsakitsaky isan-karazany noman' ny toerana amin'io fotoana io ka sady hisakafo izany no hihaino mozika.

Tiaray R



Fara Gloum sy Mbola Talenta, mpitendry gitara sady mpamoron-kira no hiray sehatra.

VAVEA (Vahatse ty Vezo Aharo)

# Hifampiarahaba tratry ny taona eny amin'ny Cemes Soanierana anio

Mitohy hatrany ezaka fampiroboroboana ny fikambanana VAVEA na ny Vahatse Ty Vezo Aharo Sampana Antananarivo. Taorian ny fampahafantarana ny birao vaovao ny volana martsa lasa teo sy ny fivoriambe ny 08 aprily 2024 dia hifampiarahaba nahatratra ny taona 2024 ny mpikambana rehetra ny sabotsy 27 aprily 2024 ao amin'ny Cemes Soanierana izay hanomboka amin'ny 10 ora maraina. Mandritra ity fihaonana ity no fotoana hanamafisana ny firaisankina sy ny fifankatiavana eo amin'ny samy mpikambana amin'ny alàlan'ny nofonkena mitam-pihavanana... Tanjona tratrarin'ny fikambanana Vavea sampana Antananarivo tarihin'ny filohany ny Jeneraly ZIPA Jean Hubert moa ny fampandrosoana ny foko Vezo eo amin'ny sehatra ara-tsosialy sy ny Kolotsaina mampiavaka azy. Fa eo ihany koa ny fitondrana anjara briky amin'ny fampandrosoana ny faritra sy ny firenena sy hitondrana vina hampivoarana ny Vezo sy hiarovany ny tombotsoany. Misy ny asa miandry ny mpikambana tsirairay hahafahana manatanteraka ny vina sy tanjona. Ilaina ny tolokevitra avy amin'ny mpikambana ka ity fihaonana rahampitso ity no hahafahan'ny rehetra maneho izany ka asaina ho tonga hanatrika ireo rehetra izay mahatsiaro tena ho Vezo. Hasongadina mandritra ity fihaonana ity ny fomba amam-panao sy ny kolontsaina mampiavaka ny foko Vezo. Hanolotra seho miavaka amin'izany ny mpanakanto avy any antoerana toa an'i Khaleba sy Manaly ary Jocelin Tsiokantimo izay hafanain'ny Orkesitra Fihamy. Mba ho fanohana sy hampandehanana ny fikambanana dia misy ny saram-pidiriana.



Ireo mpikambana sy birao mandrafitra ny VAVEA sampana Antananarivo tarihin'ny Filohany ny Jly ZIPA Jean Hubert.

Tiaray R

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana-Tanindrazana-Fandrosoana

MINISTERE DE LA JUSTICE

TRIBUNAL DE PREMIERE INSTANCE D'AMBATOLAMPY

**PUBLICATION**

En exécution de la grosse de l'ordonnance n°062 en date du 24 février 2024, RAZAFINDRAMANGA Berthine et JEAN PIERRE Modeste, demeurant à Antanimbaritsara, fokontany dudit, Commune Antsampandrano, District d'Ambatolampy sont autorisés à faire la publication du jugement civil n°91 du 02 avril 2019 rendu par le Tribunal de Première Instance d'Ambatolampy, dans un journal quotidien de la capitale, dans l'affaire l'opposant à RAZAFINDRAMANGA Martine, demeurant à Mahasolo Ankadinondry Sakay Bongolava, ayant pour conseil Maître Elysé RAMIADAMAHEFA , Avocat à la cour, domicilié au II N 23 Bis Anjanahary Antananarivo; Héritiers de RAKOTONDRANAIVO, dont le dispositif suit :

PAR CES MOTIFS

Statuant publiquement et contradictoirement, à l'égard des parties, en matière civile et en premier ressort ;

EN LA FORME

Déclare toutes les demandes régulières et recevables ;

AU FOND

Déclare que RAZAFINDRAMANGA Berthine, JEAN PIERRE Modeste et RAZAFINDRABE Martine sont les seuls héritiers de RALAIKOLONA ;

Déboute les héritiers de RAKOTONDRANAIVO de leur demande d'homologation de l'acte de donation n°15 du 14 Octobre 1992 et l'acte de partage en date du 15 Août 2015 ;

Déboute les requis de leur demande de mise en cause des acteurs de l'acte de partage ci-dessus mentionné ;

Ordonne le partage des biens laissés par RALAIKOLONA, tel qu'il résulte de sa déclaration de succession n°28.17 du 31 Mars 2017, entre RAZAFINDRAMANGA Berthine, JEAN PIERRE Modeste et RAZAFINDRABE Martine;

Commet pour y procéder un notaire au choix des parties ou à défaut Madame le Greffier en chef du Tribunal de Première instance d'Ambatolampy ;

Déboute en l'état RAZAFINDRAMANGA Berthine et JEAN PIERRE Modeste de leur demande d'expulsion des héritiers de RAKOTONDRANAIVO ;

Met les frais de l'instance à la charge des deux parties ;

Ainsi jugé et prononcé en audience publique civile tenue les jour, mois et an que dessus et la minute du présent jugement a été signée par le Président et le Greffier.

Cette publication est faite pour valoir ce que de droit et aucune voie de recours ne sera plus recevable passé le délai d'un mois.

=== SUIVENT LES SIGNATURES ===

LE GREFFIER EN CHEF DU TRIBUNAL DE PREMIERE INSTANCE AMBATOLAMPY

Ar. 2.000

LE GREFFIER EN CHEF DU TRIBUNAL DE PREMIERE INSTANCE AMBATOLAMPY

GCL 821

Tsaroako ilay"...

Farah John's

# Noho ny haratsin'ny lalana : 500 metatra natao iray andro

*"Mama". Hira vaovao navoakan'i Farah John's, 5 andro teo ho eo izay. Hira mikasika ny fitiavan-dreny izy io, izay efa mandeha ao anatin'ny pejiny ao. "Natao ho an'ny reny io, sady efa akaiky ny fetin'ny reny" hoy izy ?. Avelantsika eo izay, fa hitantara ny fahatsiarovany amintsika izy anio :*







**Nandohalika fa voasazy**

Tany Vohemaro no tany nahabe an'i Farah John's. Tany amin'io toerana io rahateo no nahalatsahan'ny tavoniny. Tamin'ny mbola kely dia nambarany, fa anisan'ny ankizy be lalao izy sady tia misangisangy mahery. Maro ny kilalao fanaony, fa ny "police-voleur" no tena ankafiziny ary polisy hatrany no tiany hatao satria mahafinaritra azy loatra ilay mihazakazaka manenjika ny namany iny.

Tany am-pianarana kosa indray, tamin'izy kilasy T6 io. Rehefa mahita ankizy milalao elastika eo an-tokontanim-pianarana izy dia mitsiriritra mafy ka mitady hevitra hivoahana. Mody miera amin'ny mpampianatra izy hipipy. Vao tafavoaka ny varavarana, manatona avy hatrany ireo mpilalao elastika eo an-tokotanim-pianarana, dia milalao. Indray andro, tratran'ilay madama mpampianatra, ka voasazy nandohalika hatramin'ny fotoana firavan'ny mpianatra. Nohorakorahan' ny ankizy rehetra satria ny mpianatra nirava iny nahita azy daholo.

**Olona 8 niafina tao ambany latabatra kely**

Tamin'izy 7 taona teo ho eo indray ity tantara iray nambarany fa tsy ho hadinony ity. Nisy rivodoza maherivaika nandalo tany Vohemaro tananany. Nanimba zavatra marobe mihitsy io rivodoza io, ka anisan'ny lasibatra tamin'izany ny tranon'izy ireo. Latabatra kely natao ho an'olona 6 no nisitrihan'izy 8 mianaka niarovany ny tenany. Maro mianadahy ry Farah John's no zanaky ny ray amandreniny. Io latabatra io no nahavonjy azy ireo satria tena simba tanteraka ny tanànan'i Vohemaro tamin' izay fotoana izay. Maromaro mihitsy ny olona maty tamin'izany fotoana izany.

**Lalana 500 metatra natao iray andro**

Fahatsiarovana teo amin'ny sehatry ny hira. Vao nanomboka nihira izy tamin'izany, izany hoe vao nanomboka nitondra ny anarana Farah John's. Efa nihira sy zatra olona ihany hatramin'izay (feo lafika fotoana ela) fa rehefa nitondra ny anarany voalohany vao tratran'ny tahotra angamba ka hadinony ny tononkira fa nisaritaka ambony ambany ny nanehoany azy teny ambony sehatra.

Faharoa, nandeha niakatsehatra tany Didy Ambatondrazaka ny tarika. No ho ny faharatsian'ny lalana, natao indray andro ny lalana 500 metatra, izany hoe antsasaka kilometatra. Rehefa alina ny andro, nisy olona tsara sitrapo niantso azy ireo hiditra ao antranony satria nangatsiaka ny andro. Nampatoriany tao amin'ny trano kely mifanila amin'ny trano fatoriany. Kanjo ilay trano fipetrahan'ny gisa. Vao nidaboka natory fa reraka i Farah John's, vaky daholo ny atody tao ambany lohany ka feno ny volony. Ireo gisa amin'izany tsy nisy natoriana fa mikiakiaka eo ambony lohany. Ny tombony, nahazo hafanana kely aloha fa anaty trano.

**Miaina malalaka any Ambanivohitra**

Anisan'ny fahatsiarovana nanamarika ny fiainany ary tsy ho hadinoany ihany koa ny tsy nahafahany nanatrika ny fandevenana an-dreniny. Nanao fitetezam-paritra tany Eorôpa izy tamin'izany no maty ny reniny. Tany Belgika izy no nahare ny vaovao mampalahelo ny 23 desambra 2007. Tsy nahatratra fandevenana fa sarotra vao nahazo fiaramanidina hody aty Madagasikara.

Fa mitondra fahafinaretana ho azy kosa ny fitondrany ny zanany manao vakansy any Vohemaro. Isaky ny volana jona izy, mitsoaka ny hatsiaka eto Antananarivo no midina any. Mahatsiaro miaina malalaka izy any, tsy mitandritandrina amin'izay fomba fitafy sy fihetsika. Manokana fotoana hiarahany maharitra amin'ny zanany sy ny fianakaviany izy amin'izany.

**Nangonin'i Fy**





## PETITES ANNONCES Gazetiko

**MIVIDY**

* Lamba, fanaka, kiraro, vy, TV, kojan-dakozia, poketra, debara. Rason. Tél : 034.31.324.79. (G-BA 802/15-14)

**A VENDRE**

* Tsenabe Isotry, trano 2 étages, 16 ch, e&e, 1er plan, t&b, qc : 5 Md. Ar. à d. Tél : 033.73.021.33. (G-BA 805/10-9)

**A LOUER**

* Trano ahofa Andoharanofotsy Mahabo : 2 chambres en sécurité : 160.000Ar. Tél : 032.64.118.31. (G-BA 814/7-1)

**COURS**

* Cours de Français, Anglais, Chinois chez Wise School Analamahitsy. Tél : 034.17.947.22. (G-BA 808/4-4)

* Cours de massage 3 jours assuré par des professionnels. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 809/10-4)

**FAMPIANARANA**

* Fampianarana manety lehilahy "Coupe homme". Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 809/10-4)

**VIDANGE**

* Vidange fosse septique, fosse perdue & puisard... Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (G-BA 803/20-14)


**MITADY ASA**

* Zah Chauffeur 08 ans exp. BCD certifi, matotra, connaissance mécanique. Tél : 034.16.758.04. (G-BA 813/4-1)

* Zah Soudeur, 5 ans exp, afaka mi-déplacé, matotra, manao ny asa rehetra momban'ny vy. Tél : 034.16.758.04. (G-BA 813/3-1)

Malaza-Andoharanofotsy

# Fiara nahafaty olona, nitsoaka nandositra



Toy izao no niafaran'ilay môtô !



Ilay mpitondra bisikileta !

*Novonjena tany amin'ny hopitaly ihany ilay tovolahy saingy tsy tana ny ainy.*

Tovolahy iray nitondra môtô indray no namoy ny ainy vokatry ny lozam-pifamoivoizana nahazo azy teny Malaza-Andoharanofotsy ny Alakamisy alina teo. Araka ny fanazavàna azo, efa maizina ny andro ary nalalaka ny làlana ka tonga dia nofaohin'ny fiara avy ao aoriana ity mpitondra môtô ity. Tonga dia nipitika izy ary naratra mafy. Potika ihany koa ilay môtô nentiny satria mafy ny fifandonana. Olona nandalo no nahita ny fahavoazany ka nitondra azy tany amin'ny hopitaly saingy tsy tana ny ainy. Ilay fiara nandona kosa anefa tsy nety nijanona akory nijery ny fahavoazany fa nanohy ny diany ihany sady nitsoaka nandositra. Naneho ny alahelony mikasika ity tranga ity moa ny fianakavian'ilay tovolahy ka miantso ny mpamilin'ilay fiara mba hanatona ny mpitandro filaminana.

**Hafa koa**

Fa nisehoana lozam-pifamoivoizana iray hafa ihany koa teny amin'ny lalambaovao Tsarasaotra mihazo an'Ivato iny ny Alakamisy alina teo. Lehilahy iray nitondra bisikileta no nofaohin'ny fiara ka naratra mafy ary tapaka ny tongony. Nitsirara teo amin'ny arabe ilay lehilahy ary potika ny bisikiletany. Fiara nandalo nahita ny fahavoazany no namonjy sy nitondra azy tany amin'ny hopitaly. Tsy hita kosa ilay fiara nandona fa nitsoaka nandositra ka izy sy ny fahavoazany sisa taraiky teo amin'ny arabe teo. Dia mampametrapanontaniana ihany ny tranga toy izao hoe mba mandry ve ny sain'ireny olona ireny any amin'ny misy azy any satria tsy mba nijanona nijery ny fahavoazan'ilay olona nodoniny akory fa aleony nitsoaka.

R.C

Vonoan'olona teny Masindray

## Mpivady niray tsikombakomba namono ny mpampiasa azy



Teto nahitana ny fatin'ilay sinoa !

Resaka hasarotam-piaro no voalaza fa tena antony namonoan'ilay rangahy ity patiraony ity, izay teratany sinoa. Raha ny nambarany mantsy dia hoe nanadala ny vadiny io ka tsy zakany ary nitadiavany hevitra ny hamonoana azy mihitsy. Tamin'ny fomba feno habibiana tokoa no namonoana ilay sinoa teny Masindray- Ambohimanambola. Ny Alarobia lasa teo no nahitàn'ny olona ny fatin'ilay sinoa, izay nofonosina gony ary nariana teny an-tanimbary. Ny olona teny amin'ny manodidina no nahita izany ka nampandre ny mpitandro filaminana. Nanokatra ny fanadihadiana avy hatrany ireto farany. Tamin'izany no nahatratrarana ilay rangahy namono niaraka tamin'ny vadiny. Voalaza mantsy fa fantatr'ilay ramatoa tsara io tetidratsin'ilay rangahy io kanefa tsy nanakana na nampandre ny mpitandro filaminana akory izy ka tonga dia niaraka nosamborina izy mivady. Raha ny fitantaran'ilay rangahy hatrany tamin'ny famotorana natao azy dia nokapainy tamin'ny famaky ny lohan'ilay sinoa ka tsy navelany raha tsy maty. Rehefa izany dia io nasitriny tanaty gony io ny fatiny ary nariany teny an-tanimbary. Omaly izy mivady ireo no natolotra ny Fampanoavana teny Anosy ka samy nidoboka any am-ponja.

R.C

Tranombarotra iray eto an-drenivohitra

# Voasoloky entana mitentina 11 tapitrisa Ariary, olona 3 voasambotra

Tranombarotra iray eto an-drenivohitra no niharan'ny fisolokiana avo lenta ny alarobia lasa teo. Entana mitentina 11 tapitrisa ariary no lasan'ireo mpisoloky tamin'izany. Olona telo no efa voasambotra manodidina ity raharaha ity. Manana sampana "vente en ligne" io tranombarotra io ka tamin'io alarobia io no nisy mpanjifa vaovao niantso, ary rehefa nifampiresaka izy ireo dia raikitra fa hividy entana karazana maro izy. Vita ny kaomandy ka nifanaraka ny roa tonta faa haterina eny Ambohibao ireo entana ireo. Tsy tany amin'ny toerana voatondro voalohany no tena nanaterana ireo entana fa nifindra toerana hafa izay teny Ambohibao ihany. Tonga soa aman-tsara tao amin'ny nanaterana azy ireo entana saingy tamin'ny fandoavana ny vola no niseho ny olana. Fantatra fa mpisoloky ilay nanao kaomandy sy nanafatra ny entana izay voalaza fa olona efatra izy ireo ka vehivavy ny iray. Rehefa tonga teny nanatitra ireo entana mantsy ny mpiasan'ilay tranombarotra dia tsy lelavola indray no nomen'ireo mpividy nanafatra ny entana. Iray tamin' izy efatra no nomena chèque sy kara-panondro ka io no niaraka tamin'ilay mpiasan'ny tranombarotra handeha haka vola any amin'ny banky iray eny Antanimena. Nandeha fiara izy ireo nankeny ary rehefa tonga teny amin'ilay toerana hakana vola dia nasain'ilay olona niandry tao anatin'ilay fiara ny mpiasan'ny tranombarotra sy ny mpamily fa izy no haka ny vola eny amin'ny banky. Sasa-niandry ny tao anaty fiara ary rehefa nifampiresaka izy ireo dia nilaza ilay mpamily fa fiara nofaina ity nitondra azy ireo ity. Tamin'io fotoana io moa efa tsy niverina intsony ilay olona fa lasa nitsoaka.

**Natao varoboba**

Ankona ny mpiasan'ilay tranombarotra teo anatrehan'izany ary nikaroka ilay olona saingy tsy hitany intsony. Taorian'izay, niverina nankany amin'ilay trano nanaterana ny entana ny avy ao amin'ilay tranombarotra saingy efa tsy nisy tao intsony ireo entana. Nanontanian'izy ireo ny tompontrano ka nilaza fa trano hampanofaina io ka efa nifanaraka tamin'ilay mpitarika ireo olona ireo izy. Nisy karapanondro nalain' ny tompon-trano sary tamin' izany ka iny no nanohizan' ny tranombarotra ny fikarohana ireo entana sy ireo mpisoloky. Fantatra ihany koa anefa avy eo fa karapanondro sandoka no nasehon'ireo mpisoloky ny tompontrano satria tsy misy akory ilay adiresy voalaza fa eny Alasora ary tsy avy amin'ny kaominina ihany koa ilay karapanondro, hoy ny fanazavana. Ny ampitson'io, izany hoe afakomaly no hita namidy natao varoboba teny Isotry ny ampahany tamin'ireo entana kanefa voalaza fa vokatra tsy simba na efa ho lany daty akory. Olona telo nivarotra ireo entana halatra ireo no voasambotra ary efa nentina nankany amin'ny biraon'ny polisy. Mitohy ny famotorana sy fikarohana ireo mpisoloky.

T.H

Sabotsy Namehana

## Halatra fiara, vehivavy iray voasambotra

Fiara iray citroën-C-Elysee, izay nisy nanofa ny 17 Novambra 2023 no tsy naverin'ny mpanofa intsony fa nentiny nitsoaka ary tany dia nanjavona. Nametraka fitarainana tany amin'ny mpitandro filaminana avy hatrany ny tompon'ilay fiara ary nanomboka ny fikarohana. Ny 18 desambra 2023 dia voasambotra ny lehilahy iray, izay voarohirohy ho nandray anjara mivantana tamin'ny fangalarana io fiara io. Voatazona vonjimaika any am-ponja avy hatrany izy rehefa natolotra ny Fampanoavana. Ilay vehivavy sakaizany, izay niray tsikombakomba taminy kosa nitsoaka ka namoahan'ny Fitsarana didy fampisamborana. Nitohy nanao ny fikarohana hatrany ny mpitandro filaminana noho izany ka ny Alakamisy lasa teo no voasambotry ny zandary teny Sabotsy Namehana ilay vehivavy. Fantatra tamin'ny fanadihadiana natao fa efa namidin'izy ireo tamin'ny alalan'ny fampiasana kara-panondro sandoka ilay fiara.


R.C

MANAL'AZY DE MI'MEME



Ambohidratrimo

## Fasana 3 vaky, razana 40 no lasan'ny jiolahy



**Tany amin'ny faritra Ambohidratrimo no nisehoan'ireo vaky fasana ireo.**

Nisehoana vaky fasana tany amin'ny fokontany Miadampahonina ao anatin'ny kaominina Ampanotokana, any amin'ny distrikan'Ambohidratrimo. Fasana miisa telo no voalaza fa vaky tamin'izany ary razana 40 isa no very nangalarin'ireo olon-dratsy tao. Ny fasana efa nivoha no hitan'ny olona tany an-toerana. Vetivety dia nahoraka ny mikasika ireto fasana vaky ireto ka nirohotra tany ny olona vory lanona nijery ny zava-nitranga. Efa nampilazana ihany koa ny tompon'ireo fasana ka tonga tany an-toerana. Ny sefo fokontany tany amin'ilay toerana nitrangan'ny zava-nitranga no niantso an-telefaonina nampandre ny mpitandro filaminana ka raha vao nahafantatra ny zava-nitranga ny zandary tonga dia nidina ifotony tany an-toerana. Efa nivoha avokoa ireo fasana nandritra ny fotoana nahatongavan'izy ireo tany ary rehefa nojerena tsirairay ireo fasana dia fantatra fa ireo mitotaly 40 ireo ny taolambalo very tao. Efa mandeha ny famotorana sy fikarohana ireo olon-dratsy.

*Efa nivoha avokoa ireo fasana nandritra ny fotoana nahatongavan' izy ireo tany*

**Tsy vao sambany**

Tsy vao sambany izao no nahitana vaky fasana tany amin'ny distrikan'Ambohidratrimo. Vao ny herinandro lasa teo ihany koa no nisy fasana enina nisy namaky ka razana 80 isa no nalain'ireo olon-dratsy tamin'izany. Nasesin-dry zalahy novakiana ireo fasana ka tao amin'ny fasana iray nakany razana 50 isa, ny fasana roa samihafa nakany razana sivy avy, ny fasana roa ambiny hafa nakany razana enina avy. Ny fasana iray fanieniny potika tanteraka ary tsy nisy azo nitsofohana tao. Fantatra ihany koa fa tsy fantatra ny tompon'ity fasana ity fa mipetraka any amin'ny distrikan'i Maevatanana any. Mitohy ny fanadihadiana sy fikarohana ireo jiolahy.

T.H

Amboasary atsimo

# "Ny dahalo no tokony hihorohoro fa tsy isika vahoaka intsony", hoy ny Filoha Rajoelina

*Isan'ny ilana vahaolana haingana ny famerenana ny fandriampahalemana, mba hahafahany mivelona, miasa sy mamokatra am-pilaminana.*



**Fitokanana nataon'ny Filoham-pirenena ny DSS ao Behara.**


Nahazo Toby miaramila vaovao na "DSS" ny "Détachement Spécial de sécurité" ny vahoaka ao amin'ny fokontany Ankirikirila, kaominina Behara distrikan'i Amboasary atsimo. Araka ny fanitsian-drafitra eo anivon'ny Tafika malagasy dia misy ny atao hoe "Chaîne opérationnel" sy ny "chaîne Organique. Ka ny "chaîne opérationnel" no tena miantoka ny hetsika miaramila. Mifanjohy amin' izany ny fisian'ny atao hoe fari-piarovana sy ny fandriampahalemana na ny "ZDS" ( Zone de Défense et de la sécurité), ny BOA "Base opérationnel avancé" ary ao ny "DSS" Détachement Spécial de sécurité". Ity farany izay manana endrika Sakelika ary mamaly ny filan'ny vahoaka eo amin' ny ady Tsy fandriampahalemana. Efa misy ihany koa ny andian-tafika manana fahaiza-manao efa natokana an'izany. Noho io indrindra no nametrahana an'ity DSS eto Behara ity. Tsy mijanona amin'ny fampandrian-tany ihany fa manampy ny vahoaka ihany koa ny Tafika ato anatin'ity DSS ity, eo amin'ny fanamboarana lalana sy ny fanomezantanana eo amin'ny lafin'ny fitsaboana satria misy mpitsabo ao amin'io Toby io. Tsy mijanona ao fotsiny ireo miaramila fa mandeha eny anivon'ny vahoaka ary azon'ny mponina antsoina ihany koa amin'ny fotoana ilaina azy. Taorian'ny fifampiresahana teo amin'ny vahoaka,ny olom-boafidy sy ny fanjakana foibe dia natao izao Toby miaramila DSS izao. Faritra anjakan'ny dahalo tanteraka io toerana io ary eo amin'ity no lalana fitondran'ny dahalo ny omby halatra. Lahatenin'ny Filoha "Isan'ny ilaina vahaolana haingana ny famerenana ny fandriampahalemana, mba hahafahany mivelona, miasa sy mamokara am-pilaminana. Mila ny malaso no matahotra fa tsy isika vahoaka intsony. Tsy maintsy apetraka sy ampiharina ny paikady rehetra hiadiana sy handresena ny malaso, satria tsy eken'ny saina raha mbola hiaina anaty tsy fandriam-pahalemana ny vahoaka. Tafiditra anatin' izany paikady izany ny fametrahana ny DSS eto Behara. Satria hita fa tsy ahafahana mametraka fandriampahalemana maharitra ny fandefasana andiantafika mampandry tany, dia aveo mody. Izao izany dia nametrahana toby ao Behara. Izao toby izao dia ahafahan'ireo tafika mijanona eto an-toerana. Efa misy fitaovana ao, fa raha mbola ilaina dia azo hamafisina, indrindra amin'ny resaka mobilité. Ny tanjona apetran-tsika dia tokony mahasahy mitoroka ny vahoaka. Ary tsy maintsy ho potehina ny asan-dahalo aty amin'ny faritra Amboasary", hoy ny filoham-pirenena Andry Rajoelina. Minisitra Foloalindahy "Miroso amin' ny fametrahana fampandrosoana maharitra ny fitondram-panjakana. Manatsara ireo ezaka hanakaikezana ny vahoaka hatrany koa ny Minisiteran'ny Foloalindahy, mamolavola ny pôlitika hiarovana ny Firenena sy ny vahoaka ao aminy. Midina ifotony ihany koa mametraka ireo teti-panorona rehetra hampihenana amin' ny fomba aingana ny tahan' ny tsy fandriampahalemana. Naorina eto amin'ny Kaominina ambanivohitr'i Behara izao Toby miaramila DSS izao, noho ity Kaominina ity voasokajy ho isan'ny Faritra mena. Mijoro tokoa izao fotodrafitrasa lehibe izao, noho ny ezaky ny fitondrampanjakana sy ny finiavana lehibe nananana Andriamatoa Filoha. Raha tsiahivina kely dia Toby miaramila BOA miisa 10 sy DSS miisa 10 manerana ny Nosy no efa mitsangana; ary BOA miisa 5 sy DSS miisa 7 no mbola haorina.Izany rehetra izany no antony lehibe hanatevenana sy hanamafisana ireo fomba sy paikady rehetra, heverina hoenti-mampihatra ny fisian' ny filaminana maharitra, mba ahafahan'ny mponina manitatra sy mampivoatra ny sehatra iharian'izy ireo, na ny fiompiana izany, na fambolena, na asa fivelomana sy taozavatra, sy ny maro hafa.Hanampy ireo ezaka rehetra efa natao mikasika ny fampanjakana ny fandriampahalemana aty amin'ity faritra ity koa izao toby izao" : hoy ny Minisitry ny Foloalindahy, Jeneraly Sahivelo Lala Monja Delphin. Marihina fa ity Toby ity dia natao hisahana miaramila "25 Pax". Mahenika izy ireo manerana ny distrikan'i Amboasary atsimo iray manontolo saingy ny tena laharampamehana dia ao amin'ny kaominina Behara izay ahitana fokontany 41 manodidina. Raha sendra ho hamehana dia afaka mamonjy any Betroka sy Bekily izy ireo ary any Tolagnaro. Mahafeno fepetra tsara amin'ny fandraisana andian-tafika ity DSS ity, satria natao mifanaraka ny fenitra. Ahitana toerana fipetrahana angidim-by, manana fiara tsy mataho-dalana ihany koa mipetraka ao ary mazava ho azy ny olombelona dia ny miaramila izany.

Deyland

Komandà sandoka

# Rehefa avy nigadra tany Antsirabe sy Antanimora dia lasa eny Tsiafahy indray

Izany tokoa angamba ny hoe tanana efa zatra mitsotra ka tsy afaka mivonkona intsony satria toa zary lasa efa toerana mahazatra azy ny fonja ary efa maromaro no noteteziny tamin'izany. Rehefa avy nigadra tany amin'ny fonjan' Antsirabe sy Antanimora mantsy ity Komandà sandoka dia niditra eny amin'ny fonjaben'i Tsiafahy indray. Araka ny fanazavàna azo, halatra sy fisolokiana ary fisandohana sy fanaovana fanamiana mpitandro filaminana tsy ara-dalàna no vesatra nanenjehana azy ity. Ny Alakamisy teo izy no natolotra ny Fampanoavana teny Anosy ary izao nalefa eny Tsiafahy izao. Raha tsiahivina, nisandoka ho manamboninahitra ambony ao amin'ny Tafika mitondra ny galona Komandà izy, izay entiny hisolokiana olona. Tao Ambohiboahangy, kaominina Ambohimalaza no nahatratrarana azy ny 19 Aprily lasa teo. Tratra teo aminy avokoa ireo fanamiana mpitandro filaminana marobe miaraka amin'ny galona. Olona miisa efatra no voalaza fa voasolokiny tamin'ity, izay nahazoany vola an-tapitrisany avokoa.



**Ilay mpisandoka !**

**Zà-draharaha**

Araka izany dia efa tena zàdraharaha amin'io resaka fisandohana sy fisolokiana io tokoa ity lehilahy ity ary voasambotra ihany koa ny vehivavy iray mpiray tsikombakomba aminy amin'izany. Mahay mampiresaka sy mandresy lahatra tokoa ity lehilahy ity ka maro no roboka sy manome vola azy. Tamin'ny fanadihadiana natao no nahafantarana fa efa tena tao anatin'ny fianakaviam-ben'ny Tafika tokoa ranamana taloha saingy voaroaka tamin'ny taona 2017 ary izao nivadika nanao asa fisolokiana izao sady mbola nitonona ho miaramila foana. Tena tsy kely lalana tokoa ny ratsy ka aleo mailo foana. Tsy hita amin'ny endrika ivelany ihany koa ny mahaolon-dratsy azy.

R.C

Iraky ny FMI nihaona tamin'ny CSI

# Manolo-kevitra ny amin'ny tokony hanohizana ny ady amin'ny kolikoly

*Nandritra ny fihaonana teo amin'ny iraky ny Tahirimbola Iraisam-pirenena sy ireo rafitra mitarika ny ady amin'ny kolikoly.*



**Nandritra ny fihaonana teo amin'ny iraky ny Tahirimbola Iraisam-pirenena sy ireo rafitra mitarika ny ady amin'ny kolikoly.**

Mitohy ny fijerena ifotony mba tsy ilazana hoe fisafoana ny zava-misy eto amin'ny firenena ataon'ireo iraky ny FMI na Tahirimbola Iraisam-pirenena tarihan' Atoa Frédéric Lambert amin'izao fandalovany eto izao. Araka izany, taorian'ny fihaonany tamin'ny Filoha Andry Rajoelina sy ny Praiminisitra Ntsay Christian dia nifanakalo hevitra tamin' ireo tomponandraikitra mitarika ny ady amin'ny kolikoly eto Madagasikara izy ireo. Tazana nandray anjara tamin'izany ny teo anivon'ny Komity Mitandro ny Fahitsiana (CSI), ny BIANCO, ny SAMIFIN, ny PAC ary ny ARAI. Araka ny loharanom-baovao marim-pototra, niaiky io iraky ny FMI io nandritra ny dinika fa nisy ny fepetra lehibe noraisin'ny fitondram-panjakana mikasika ny ady amin'ny kolikoly ary tsy vitan'izay fa azo tsapain-tànana ihany koa ny ezaka nataon'ireo sampandraharaha mitarika ny famongorana izany fanetriben'ny firenena izany. Na izany na tsy izany, nomarihan'io loharanom-baovao io fa mbola nanolo-kevitra ny amin'ny tokony hanohizana ny ady amin'izany vato misakana ny fampandrosoana izany io Iraky ny Tahirimbola Iraisam-pirenena io.

**Fahamarinan-toerana ara-bola**

Marihana, fa nifantohan'ny fifampiresahana nandritra izao fihaonana izao ny hametrahana indray ny fandaharanasa Facilité Elargie de Crédit (FEC) sy ny Facilité pour la Résilience et la Durabilité (FRD). Ity FEC vaovao ity dia mifanindran-dalana amin'ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana satria miompana amin'ny fahamarinan-toerana ara-bola sy ny fitantanam-bola, ny fitomboana ara-toekarena, ny fampiroboroboana ny maha-olona, ny fiahiana ara-sosialy ary ny fitantanan-draharaham-panjakana. Ny FRD kosa dia fandaharanasa vaovao hanohana ny fahafaha-miatriky ny firenena manoloana ny fiovaovan'ny toetrandro. Mitotaly eo amin'ny 660 tapitrisa doalara eo ho eo ny fanohanana ara-bola eriteretin'ny Tahirimbola Iraisam-pirenena omena antsika amin'ny fanatanterahana izany FEC sy FRD izany. Mifanindran-dàlana amin'izany, taorian'ny fihaonan'ireo iraky ny FMI sy ireo sampandraharaha mitarika ny ady amin'ny kolikoly dia nisy ny tafa ho an'ny mpanao gazety nataon-dRtoa Sahondra Rabenarivo, Filohan'ny Komity mitandro na CSI.

**Paikady vaovao**

Nandritra izany no nilazany fa nampahafantarina ireo vahiny ireo ny firosoan'i Madagasikara amin'ny famolavolana ny paikadim-pirenena hiadiana amin'ny kolikoly (SNLCC) vaovao. Ity farany, araka ny fanamarihany dia hahitana paikady vaovao roa mifototra amin' ny fanatsarana ny ady amin' ny kolikoly mifanandrify amin'ny fitantanana ny volam-panjakana sy ny fiarovana ny tontolo iainana. Ao anatin'izany rehetra izany, mihevitra io tomponandraikitra io fa mety ho isan'ny fepetra takian'ny Tahirimbola Iraisam-pirenena amin'ny fanomezana sy fanatanterahana iretsy programa roa lehibe etsy ambony iretsy ny fahombiazana amin'ny ady amin' ny kolikoly eto Madagasikara.

**Mamy R.**

Olga Ramalason

# Nalefa nody rehefa notazomina telo andro teny Antanimora




**Navoaka ny fonjan'Antanimora omaly alina Rtoa Olga Ramalason.**

Telo andro aty aorian'ny nampidirana am-ponja vonjimaika an-dRtoa Olga Ramalason, kandidan'ny vovonana Firaisankina lisitra faharoa teny Antanimora, nalefa nody any amin'ny fianakaviany ny tenany. Raha tsiahivina, tamin'ny talata tolakandro no nandalo fitsarana teny amin'ny Fitsarana miady amin'ny kolikoly fantatry ny maro amin'ny hoe PAC ny raharaha iampangana azy. Voalaza tamin'izany fa naiditra am-ponja vonjimaika eny Antanimora avy hatrany io olon'ny fanoherana sady loholona teo aloha io taorian'izany. Raha ny fanazavana nentin'ny depiote Hanitra Razafimanantsoa, vesatra niampangana an-dRtoa Olga Ramalason ka nampidirana am-ponja vonjimaika azy izao ny raharaha fivarotana tany, izay voalaza fa nataony sonia tany amin'ny taona 2008/2009 tany, fony nahaben'ny tanàna azy tao Antsirabe Ambonivohitra. Toe-javatra nampiakatra ny ambom-pon'ireo lohandohan'ny mpisorona eo anivon' ny fianakaviamben'ny mpanohitra sy ny firaisamonim-pirenena eto Madagasikara sady noraisin'izy ireo ho fanenjehana politika sy fanohintohinana ny demokrasia eto Madagasikara.

**Hala-bato**

Vao omaly no omaly, nandritra ny fampihofanana ireo kandida hitondra ny fanevan'izy ireo amin'io fifidianana solombavambahoaka io teny By-pass ohatra ry zareo teo anivon'ny Vovonana Firaisankina no nanamafy ny fitakiany ny hamoahana io kandidàn'izy ireo io. Nilaza mihitsy Ing. Marc Ravalomanana nandritra izany fa amin'izao ankatoky ny fifidianana izao dia misy ambadika politika ny fisamborana kandida ka mba hisian'ny fitoniana, hoy hatrany izy dia mila atsahatra ny fanenjehana. Dia ho hita eo araka izany izay ho tohin'ny raharaha nanenjehana io kandidan'izy ireo satria na tiana na tsy tiana dia tsy maintsy mbola hiakamidina eny amin'ny fitsarana ny tenany mandrapisian'ny didy raikitra manamarina ny fahafahany madiodio na mety ho ny mifanohitra amin'izay. Ao anatin' izany rehetra izany, raha hiverenana ny mikaiska ilay hetsika natao teny By-pass omaly dia nofanina hiatrika ny ambaran'ireo mpitarika izay irika mety hisian'ny hala-bato sy hahafehy ny fomba fametrahana fitoriana eny anivon'ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana izy ireo.

**Mamy R.**

## Marina izany !

### Ho hazakazaka arahin-tosika !

**Mavesatra ny tarehimarika mirakitra ny isan'ny zaza Malagasy, latsaky ny dimy taona mbola tsy vita vakisiny. Maherin'ny iray tapitrisa izy ireo no marefo sady tadindomin-doza ny fahasalamany satria tsy mba manana hery fiarovana hiadiana amin'ireo aretina samihafa toy ny koda-davareny, ny lefa-kozatra... Ny fiarovan tena nentin'ny minisitera mpiahy, antony tsy nahatanteraka izany dia ny fisian'ny valan'aretina covid 19 nisy teto amintsika izay azo iadian-kevitra ihany. Nandairan'ny tsaho mantsy hono ny ray aman-dreny ka nisalasala nitondra ny zanany hatao vakisiny. Nanome toky anefa ny tompon'andraikitra fa hotratrarina alohan'ny faran'ity taona ity ny fanaovam-bakisiny ireo zaza mbola tsy nisitraka izany. Ho hazakazaka arahin-tosika izany ny hamitàna izany ezaka izany. Soa fa eo ny mpiara-miombon'antoka manohana antsika ara-bola sy ara-pitaovana ary ara-fotodrafitrasa, indrindra mametraka ho zava-dehibe ny fahasalaman'ny zaza, araka ny fampanantenana sy ny fanomezan-toky nataon'izy ireo. Antenaina arak'izany fa tsy isika hanateran-kira indray no hamalan-kira fa hirohotra hitondra ny zanany hatao vakisiny ny renim-pianakaviana ary ny fanjakana kosa handrindra sy hanamora arak'izay tratra ny fahatanterahan'izany ary indrindra hanao laharam-pahamehana ny fahasalamam-bahoaka sy ny sosialim-bahoaka, amin'ny ankapobeny na dia fantatra fa ankatoky ny fampielezan-kevitra sy ny fifidianana isika izao. Toy ny fomba fanao any amin'ny firenena tan-dalàna rehetra dia ny mpanao pôlitika no tokony ho seriny dia seriny amin'ny fahazoana maro an'isa, eny amin'ny Tsimbazaza fa havela hanao ny asa fanaony andavanandro kosa ny mpiasam-panjakana isan-tsokajiny !**

**Voahangy Rakotozafy**

Faritr'i Matsiatra Ambony

# Mandeha ny feo fa mety hisaorana ihany koa ny governora




**Ny biraon'ny governoran'i Matsiatra Ambony.**

Mifanohitra amin'ny fanapahan-kevitra noraisina, nandritra ny filan-kevitry ny minisitra farany teo, nametraka governora mpisolo toerana ny any amin'ny faritr'Ihorombe sy Atsinanana dia mbola tsy nisy fanovàna akory ny any Matsiatra Ambony. Na izany na tsy izany, mandeha be ny feo fa mety hisaorana ny governora any amin'iny faritra iny. Andrasana ny mety hampitombina na tsia io tsilian-tsofina io. Raha izy no mitranga dia tsy vitsy ny mpanara-baovao pôlitika no mampifandray ny zava-misy amin'ny resaka pôlitika. Araka ny loharanom-baovao avy any an-toerana mantsy dia akaiky kokoa ny kandidà tsy miankina, hirotsaka ho fidiana solombavambahoaka io olom-boatendry io. Itsy voalohany izay fantatra fa mpanohana ny fitondrana ihany, saingy tsy anisan'ireo kandidà nahazo ny fankatovan'ny antoko, amin'ny fifidianana hotanterahina ny 29 mey ho avy izao.

**Kandidà telo !**

Kandidà heverin'ny mpanara-bovao any an-toerana fa matanjaka, amin'ny maha mpahay serasera azy ary mety ho afaka hifaninana tsara amin'ny kandidà natolotry ny antoko manohana ny mpitondra. Araka ny loharanom-baovao etsy ambony dia mpifaninana telo, avy amin'ny vovonana miaraka amin'i Andry Rajoelina sy ny tsy miankina ary ny Kolektifan'ny Malagasy no hifampitàna any Matsiatra Ambony, amin'ny hazakazaka ho eny Tsimbazaza. Ny somary manaitra ny rehetra fotsiny dia somary mbola kinafinafina ny lisitry ny antoko sasantsasany, hirotsaka any an-toerana. Manoloana izany, tsy vitsy no mametra-panontaniana hoe inona no antony ? Nahoana no tsy manome fanazavana mahakasika izany ny tompon'andraikitra ? Mety hisy anarana tsy ampoizina hipoitra amin'ny ora farany ve?

**V.R.**

Antananarivo Renivohitra

# Niharan'ny fahatapahana herinaratra faobe





**Nitohy hatramin'ny zoma maraina ny asa fanamboarana teny Ambatomaro.**

Maizina ny tanàna. Izay no azo amintinana ny fahatapahan-jiro faobe nitranga teto Antananarivo Renivohitra tamin'ny alakamisy alina, izay mbola nitohy hatramin'ny zoma maraina. Toerana an-jatony teto an-dRenivohitra no nanaovan'ny orinasa JIRAMA fampilazana fahatahan-jiro taorian'ny olana tekinika nitranga teny Ambatomaro. Raha ny fampitam-baovao avy tamin'ity orinasa ity, dia nisy fahatapahana ny tariby mitondra herinaratra mahery vaika avy any Ambohimanambola mankany amin'ny toby na "Sous station" Ambodivona. Nanomboka ny alakamisy alina ny asa fanarenana ny fahavoazana teny Ambatomaro ary mbola nitohy ny zoma maraina ampitson'io. Nilaza rahateo ny teo anivon'ny JIRAMA fa sarotsarotra ny asa noho ny herinaratra mavesatra nokirakiraina, izay tsy maintsy nirosoana tamin'ny fanapahana ny famatsiana herinaratra ny toby teny Ambodivona. Mifampiankina tanteraka ny famatsiana herinaratra sy ny rano, koa nisy koa ny fanelingelenana naterak'izany tamin'ny famatsiana rano tany amin' ireo toerana marobe ireo. Omaly zoma maraina vao vita tanteraka ny asa fanarenana nataon'ireo teknisiana.

**R. Muray**

## Taratasy ho an-dRamala

### Lava ny alina !

Any Ramala,

« Vitasoa ny alina ! » Ramala. Tsy maninona fa mba indramiko kely ny fomba fiarahabana fanaon'ny mpiray tanindrazana amintsika monina ao afovoany atsimotsimo ao. Fa inona moa no dikan'izany fiarahabana izany Ramala ? Lava ny alina Ramala. Ilay alakamisy alina hifoha zoma omaly no tiana holazaina amin'izany. Tsy misy ifandraisany amin'ilay zoma vao noresahana an-taratasy farany teo iny izy ity Ramala. Ny zavatra nitranga dia maizina ny tanàna ny alakamisy alina io. Ohatra ny hoe niaina « couvre-feu » izany. Nanomboka ny harivan'ny alakamisy sy nandritra ny alina tontolo dia tapaka ny herinaratra ary tsy nandeha ny jiro jifaina amin'ilay orinasa mpamokatra miankina amin'ny fanjakana. Asa izay tany amin'ny misy anareo tany Ramala fa izany aloha no niainana tamin'ny faritra sasany teto an-tanàna. Efa tany amin'ny valo ora maraina tany vao niverina ny herinaratra sy ny jiro. Mbola teo koa aza ny fahatapaha'ny rano, saingy mba vetivety ihany. Maninona moa no atao hoe lava ny alina Ramala ? Ka amin'ny alina anie no tena fanararaotan'ny mpanao ratsy anaovany ny asany, izany hoe ny fanafihana sy ny fandrobana e ! Dia mainka moa fa hoe mbola maizina indray ny tanàna satria tsy mandeha daholo ny jiro ! Fa hono ho'aho Ramala ? Resaka tsy fisiana na tsy fahampian'ny solika ve sa tena resa-bola no mahatonga ity olana tsy mety voavaha ity ? Raha resaka solika ilay izy dia mety hoe olana teknika eo amin'ny lafiny famatsiana fotsiny izany. Fa raha resa-bola kosa, f'angaha moa tsy hoe vao nahazo volabe avy any ivelany ny tanintsika ? Sa natao hanaovana zavatra hafa io vola io ? Sa mbola tsy eo am-pelatanana io vola io fa andrasana ? Izay aloha no hamaranana azy Ramala fa amin'ny manaraka ho hita eo ny tohiny.

**Ragasy**

Polyteknika Vontovorona

# Nahazo fitaovana ny "Atelier Luban"

Miditra ao anatin'ny dingana faharoa ankehitriny ny tetikasa "atelier Luban" izay tanterahina eny amin'ny sekoly ambony polyteknika Vontovorona. Toeram-panofanana injeniera mekanika izy ity ary anisan'ny goavana indrindra eto Afrika. Tamin'ny feboary 2022 no natomboka ny andiany voalohany ka nahafahana nampiditra tamin'ny fomba ofisialy ny lalam-piofanana "électricité Industrielle" sy ny "maintenance automobile" izay efa ahitana ny fitaovana raitra. Ato anatin'ny dingana faharoa, ny fanofanana mikasika ny "ingenierie mecanique sy ny technologie de l'information" indray no ampidirina. Vokatry ny fiarahamiasan'ny ESPA sy ny oniversiten'Antananarivo, ny governemanta sinoa sy malagasy ary ny Tianjin Vocational College of Mechanics and electricity, ny Tianjin Mavhenery and Electric Industry School no nahafahana nisitraka izany tetikasa izany. Dingana iray hahafahana mitondra any amin'ny fampandrosoana izao fanitarana ny lalampiofanana izao. Ireo mpianatra ihany koa dia afaka misitraka traikefa sy tombontsoa maro ary maharaka ny fivoaran'ny teknolojia ao anatin'ny tontolon'ny mekanika hatrany. Ny teknisianina sy ny injeniera rehetra mivoaka eo tokoa azo antoka fa maharaka tsara ka hanokatra varavarana ho an'i Madagasikara eo amin' ny sehtara iraisam-pirenena. Tonga nanatrika izany fotoana izany ny minisitra ny fampianarana ambony sy fikarohana ara-tsiansa mpisolo toerana, ny ambasadaoron'i Sina, ary tomponandraikitra ambony maro.

**Nath**



**Ireo tomponandraikitra ambony nanatrika ny fanolorana fitaovana ho an'ny ESPA Vontovorona.**


FAHENDRENA FAHALALANA FANAHY PRECAES

PRECAES

PREPARATION AUX CONCOURS ADMINISTRATIFS ET A L'ENSEIGNEMENT SUPERIEUR

"Ka na dia kely aza no niandohanao, dia ho lehibe indrindra no hiafaranao." Joba 8:7

Tel: 033 85 788 55

DIA MANOMANA:

I. FARADOBOKA ACMIL (BAC+2): 7 Mai – 7 Juin

II. ENMG (BAC+4):
- Magistrats Judiciaire, Administratif, Financier
- Greffiers (BAC)

III. ENAM (BAC+4) :
- Administrateur Civil (AC), Administrateur des Services Financiers (ASF), Inspecteurs des Impôts…

IV. GENDARME (BAC)

V. INFA
- BAC : Adjoint d'Administration, Contrôleur des Domaines, Contrôleur du Travail

GCL 816

➢ FIDIRANA PRECAES : 07 MAI 2024

➢ ADIRESY : Ankadifotsy ambanin'ny STATION SHELL, akaikin'ny CENTRE MANAMPISOA

➢ Page fb : precaes Ankadifotsy

➢ CONTACT : 033 85 788 55

« Ka na dia kely aza no niandohanao dia ho lehibe indrindra no hiafaranao » Joba 8/7



TOLOTRA MANOKANA Gazetiko

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

***Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.***

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

# QIT Madagascar Minerals (QMM)

# FASIKA MISY MINERALY NY DINGANA FITRANDR

**Ny mombamomba fizika amin'ireo mineraly no ampiasaina, tsy mampiasa akora simika mihitsy.**

**Tsy mam** fitrandrah misy mon Dingana t amin'ny a **fanasarak**






**1. FITRAN**

Maka fasika tany ny "eng fasika alaina artifisialy nat Alefa fantsor ozinina mitsi

**2. FAKANA FASIKA ANY AMBANY RANO**

Trohan'ny "drague" ao anatin'ny dobo artifisialy ny fasika ambany rano ary alefa amina fantsona mankany amin'ny ozinina mitsingevana ihany koa.

## IREO VOKATRAY:

**Ilmenita** no vokatra fototra vokarin'ny Rio Tinto QMM, fanampiny kosa ny **zirsill** ary ny **fasika misy monazita**.



**Zirsill:** ampiasaina hanamboarana vokatra eletronika sy taila.

**Ilmenita:** ahazoana « dioxyde de titane », hakàna taharo fotsy koa ampiasaina amin'ny fanamboarana loko sy taratasy.

**Fasika misy monazite:** ampiasaina amin'ny tekinolojian'ny angovo azo havaozina, ohatra amin'izany ny andriamby maharitra sy matanjaka ho an'ny fanamboaran fitaovana famokarana herinaratra amin'ny alalan'ny rivotra sy ny fiara mandeha amin'ny herinaratra.

| | Ilmenita | Zirsill | Fasika misy monazita |
|---|---|---|---|
| **Famokarana 2023** (taonina): | 621 643 | 33 309 | 29 999 |

# KA HATRAMIN'NY MAHA ILMENITA
# AHANA SY FANASARAHANA AZY IREO

**piasa akora simika.** Ny mombamomba fizika amin'ireo mineraly ihany no ampiasaina amin'ny
hana sy fanasarahana azy ireo mba hahazoana ny ilmenita, ny zirsill ary ny vangogom-pasika
nazite.
telo (3) no lalovan'ny fasika hanasarahana azy sy hanalana ny loto isan-karazany: ny fanasarahana
lalan'ny **fampifangaroana ny fasika amin'ny rano** (**3**), ny **fanadiovana ny fasika mialoha ny
hana bebe kokoa** (**5**), ny **fanasarahana farany ireo mineraly** (**6**).

### IDRAHANA

ety ambonin'ny
ins" ho fanampin'ny
avy ao amin'ny dobo
ao amin'izany koa.
a mankany amin'ny
ngevana ny fasika.

### 4. FANARENANA


Ny faritra rehetra avy nakàna fasika misy mineraly dia arenina: averina amin'ny natiora ny fasika nakàna ireo mineraly 5% fotsiny ihany ary aravona. Rehefa voaravona tsara dia arenina amin'ny ambolena hazo.

### 5. FANADIOVANA NY FASIKA MIALOHA NY FANASARAHANA BEBE KOKOA

Diovin'ny "attritionneurs" ny fasika misy mineraly mavesatra. Voasaraka avy ao ny quartz ary alefa indray anatina fanasarahana sy "spirales". Hamainina mandritry ny 36 ka hatramin'ny 48 ora ny fasika mavesatra avy eo. Efa marihitra 95% eto ny mineraly.







### 6. FANASARAHANA FARANY

Tonga ao amin'ny ozinina fanasarahana farany ny fasika mavesatra ary ampandalovina indray amin'ny fanasarahana amin'ny tombin'aratra (électrostratique): azo avy ao ny ilmenita izay karazana mineraly mahatondra herinaratra.
Ireo mineraly tsy mahatondra herinaratra (non conducteurs) kosa dia mandalo fanasarahana amin'ny alalan'ny andriamby, eo indray no misaraka ny fasika misy monazita.
Ny fanasarahana ny ampahan'ny mineraly tsy mahatondra herinaratra sy tsy voatazon'ny andriamby (non magnétique) kosa no hahazoana ny zirsill.

### 3. FAMPISARAHANA AMIN'NY ALALAN'NY FAMPIFANGAROANA NY FASIKA AMIN'NY RANO

Afangaro amin'ny rano ny fasika ary ampandalovina amina karazana "spirales"mifanongoa miisa 2 160 ao anatin'ny ozinina mitsingevana mba hisarahan'ny fasika noho ny hakitrony (densité) : rihitra fasika mavesatra 88% no azo eo.

a

### 7. FITATERANA MANKANY AMIN'NY SERANANTSAMBON'I EHOALA

Taterina mankany amin'ny seranantsambon'i Ehoala ny ilmenita, atao anatina kalesan-dalamby taritina fiarabe. Ny zirsill sy ny fasika misy monazita kosa atao anatina gony mahazaka 2 taonina sy 1 taonina vao taterina anatina kaontenera.



Mametraka ny tontolo iainana ho ivon'ny asany ny orinasa Rio Tinto QMM, miaraka amina fandaharanasa fitantanana ny tontolo iainana izay manaraka ny fenitra sy ny fitsipika iraisam-pirenen'ny vondrona Rio Tinto, isan'izany ny didim-panjakàna MECIE Malagasy. Mitaky ny fanaovana fanadihadiana ny fiantraika ara-tontolo iainana sy ara-piaraha-monina (ESIE) ireo fenitra sy fitsipika ireo.

Rio Tinto

Kitra - Arsene Hervé Malabary

# Hizara traikefa amin'ny mpanazatra sy ny mpitantana klioba

*Nitondra avo ny voninahi-pirenena tany ivelany, nilalao baolina kitra in-250.*

Tonga any Nosy Be Hell-Ville, tanana nahalatsahan' ny tavoniny tamin'ny 30 oktobra 1963, miaraka amin' ny vady aman-janany, i Arsène Hervé Malabary, kintan'ny baolina kitra malagasy fahiny, ary azo lazaina fa mpilalao matihanina voalohany, nandray anjara tamin'ny fiadiana ny tompodakan'ny "Ligue 1" frantsay, tao amin'ny ekipan'ny Racing Club de Lens, izay nodimbiasan'i Lalaina Nomenjanahary "Bolida" taty aoriana. Tsy tonga haka rivotra sy hitsangatsangana fotsiny i Arsène Malabary fa hitondra sy hizara ny traikefany amin'ny fampiakarana ny lentan'ny baolina kitra, amin'ny alàlan'ny fampiofanana ny mpanazatra sy ny mpitantana klioba rehetra any amin'iny faritra avaratry ny Nosy iny. Nitsena sy nanome voninahitra azy tamin'ny fahatongavany tany amin'ny seranam-piaramanidin'i Fascène Atoa Anatole, Filohan'ny Ligin'i DIANA, niaraka tamin'ny mpikambana tao anatin'ny Section Nosy Be, notarihan'ny Filohany Solo Alex. Raha tsiahivina ny dingana vitan'i Malabary teo amin'ny baolina kitra dia nanantevindaharana ny ekipam-pirenena "Club M" izy tamin'ny taona 1980 tany ho any. Rehefa avy nampiasa ny fahaizany, tao amin'ny toeran'ny irakiraka, tanatin'ny ekipa maro teto an-toerana. Anisan'ny nalaza indrindra tamin'izany fotoana izany dia ny Athletic Club de la SOTEMA, niaraka tamin-dry Lanzizy sy ry Dezy Monstre. Noho ny fahaiza-manaony dia tsy tana teto an-toerana intsony izy fa nifindra lasy tany Frantsa, niaro ny voninahitry ny "Sang et OR"-n' ny RC Lens, izay voahosotra ho tompondakan'i Frantsa tamin'ny taom-pilalaovana 1997-1998. Nampindramina ny ekipan'i La Roche sur Yon izy tamin'ny taona 1989 ka hatramin'ny 1991. Fantatra fa nanomboka tamin' ny taona 1987 ka hatramin' ny 1998 dia nahavita lalao 250 ny tenany. Amin'izao fotoana izao izy dia tompondraikitra ambony amin' ny fisahanana ny "Centre de Formation du Football "-n'ny RC Lens, mamolavola ny taniketsan'ity klioba ity.

**aris rafaly**



Manina ny tany nihaviana.



Ombam-bady aman-janaka.

## Fandaharan-dalao faran'ny herinandro

*Na dia nahemotra amin'ny fotoana manaraka aza ny "Play Off" amin'ny fiadiana ny tompondakan'ny "Pureplay Football League 2023-2024", izay nahatezitra ny ankamaroan'ny mpankafy baolina kitra, dia misy hatrany ny fifaninanana ara-panatanjahantena amin'izao faran'ny herinandro izao eto an-drenivohitra sy ny manodidina azy.*

**BASKET-BALL**
**Tompondaka SBBAR 2024**
*Sabotsy 27/04/2024 – Kianja Anosisoa*
8 ora : « U18G – 1/8 de Finale»/ Mbc67HA # Cospn
9 ora 30 : « VETD - PRS»/ Bcr # Asbm
11 ora : « N1BD – ¼ de Finale »/ Akamasoa # Aca – Mb2All # Asa – Jcba # Sepa – Lucadro # Ast
*Kianja Antsararay*
8 ora : "N1BD"/ Assm # Cosfa
9 ora 30 : "U16G"/ Nbe # Cbbt
11 ora : "U16G"/ Bfft # Esi
1é ora 30 : "SVTH – PRS"/ Assm # Ubt
1' ora : "U16F"/ Akbb # Bfft
15 ora 30 : "U18G"/ Dtsc # Akbb
*Alahady 28/04/2024 – Kianja toby 1*
7 ora 30 : "VETD3/ Mmbc # Bcr – Bbc # Jcba
10 ora 30 : "N1BD"/ Esi # Akbb
1é ora : "SVTH"/ Soe # TiaBc
13 ora 30 : "VETD"/ Asbm # Bca
1 ora : "SVTH – PRS"/ Bcr " Manakers
*Kianja Toby 2*
7 ora 30 : "U16F"/ Jcba # Ast
9 ora : "U18G – 1/8 de finale"/ Afo # 2E – Nbe#Cbbt – Sepa Tana # Gnbc
1 » ora 30 : « VETH »/ Blindé # At2b
15 ora : « N1BD »/ Bci # Gio Sao
*Kianja Ste Famille 1*
8 ora : "U12F"/ Soe # Amazone – Fandrefiala # Assm – Cbbt # Afo – Cosfa # Sepa Tana
1é ora : "U12G"/ Assm # Fandrefiala – Mb2All " Cbbt – Tsbb # Soe – Akbb # Nbe
Kianja Ste Famille 2
8 ora : "U18G – 1/8 de Finale" : Assm # Fbc – 1E # cosfa – Fandrefialal a# Asa – Jcba # Ast
14 ora : « N1BD – ½ Finale » / Lucadro / Ast # Jcba/Sepa Tana – akamasoa / Aca # Mb2All / Asa.

**Tompondaka SBBA Ambohidratrimo**
*Sabotsy 27/04/2024 – Kianja Cfs/Gsis Ivato*
10 ora : Nas # Dunamis
1 ora 30 : Cosbaimi # Nas
1 » ora : Dunamis # Gbca
14 ora 30 : Gbca # Cosbaimi
*Alahady 28/04/2024 – Kianja Agrée Ivato*
8 ora 30 : Dunamis # Cosbaimi
10 ora : Gbca # Cosbaimi
11 ora 30 : Dunamis # Gbca
13 ora : Dunamis # Nas
14 ora 30 : Dunamis # Nas.

**Faha 15 taona AT2B Andraisoro**
*Sabotsy 27/04/2024 – Kianja Andraisoro*
-Fampisehoana sary mivelatra, mirakitra ny tantaran'ny AT2B
-"Matchs de Gala U12 – U20".

**BAOLINA KITRA**
**« Challenge Mpikitra 2024 »**
*Sabotsy 27/04/2024 – Kianja Herisetra Rafanodina* - Sokajy « Vétéran »
8 ora 30 : Roimemy # Manjaka
10 ora 30 : Samouraï # Ravinala
12 ora 30 : Voronkely # FC 103
14 ora 30 : Gazela # Abc
*Alahady 28/04/2024 – Kianja Herisetra – Sokajy "Senior " - Faha 50 taona ny "Groupe Masca – Demi finale Aller"*
13 ora 30 : Fc 417 # Irfc Ilafy
15 ora 30 : Fc Tambatra # Lyon Belanitra.

**"Coupe Saison 2024"**
*Alahady 28/04/2024 – Kianja Antsahamasina*
8 ora : FC 309 Absolue # The Shark
9 ora 45 : Tselatra FC # AS Andriafo
*"1/2 Finale D2 – Chmpionnat Saison 2024"*
11 ora 45 : Releve Pati FC # Csi
13 ora 45 : CA Azzurri 102 B # Zim
*Kianja St Michel Itaosy*
8 ora – 12 ora 30 : Gffa # Asca Foot (U13/14) – Gffa # FC Ezaka (U11/12) – Dkm # Gama FC (U13/14) – OA # Zandry Gasy (U11/12) – OM # Zandry Gasy (U13/14)
*« Eliminatoire Coupe Saison »*
13 ora 45 : Fch # Ajesafa
15 ora 30 : ho avy ny mpnjaka # Ami-Ral FC.

**RUGBY**
**Section Ambohidratrimo - Fanomanana ny Tompondaka 2023/2024**
*Alahady 28/04/2024 – Kianja Gatema Mamory - Divizionina 2*
*7 ora 30 – 9 ora : Ibis Noir # XV Fanilo – XV Taureaux # XV Cousin*
*« Match Inter-Communal »*
10 ora 30 – 12 ora : Rcia # XV Etoile – 2 Arc # 3 Fm
*« 1 ère Division Elite II »*
13 ora – 15 ora : Asafa # Rfc – Atm # Cftma.

**nangonin'i a.r**

## TSIPAKA

Niteraka ady hevitra lehibe tamin'ny mpanaraka baolina kitra eran-tany, fa tsy teto amintsika irery ihany, ilay fifanandrinan'ny Real de Madrid sy ny FC Barcelone tamin'ny fiadiana ny tompondakan'i Espagne « Liga », izay kilasian'ny mpankafy ny taranja hoe « Classico ». Tsy inona izany fa ny fisian'ny fifandiran-kevitra nitranga tamin'ilay baolina nodakan'i Lamine Yamal, kintan'ny baolina kitran'ny "Blaugrana" malaza amin'izao fotoana izao, tsy nasiana famerenana tamin'ny « *Video Assistant Referee* (VAR) » . Na dia nisy aza ny fitarainana avy tamin'ny mpilalaon'ny Barca, dia tsy nanao topi-maso, nijery sy namerina ny fizotran'ny lalao Ingahy Cesar Soto Gardo mpitsara afivoany. Samy manana ny fomba fijeriny sy fanehoan-keviny moa ny mpitia kitra. Tsapa tamin'izany fa tena arahan'ny mpankafy kitra sy mahasaropiaro ny "fanatismes" tokoa ny lalao goavana tahaka ireny ka samy mitana ny heviny ho marina, na diso eo anatrehan'ny zavamisy aza.

### Aleo ny sary no hiteny !




Tsy hidirantsika lalina ny ady hevitra momba ny fidiran'ilay baolina na tsia. Indro ny sary maneho ny fizotran'ny lalao, ka samia mitsakotsako sy manamarina na tsia ny fitakiana nataon'ny ekipan'i Xavi Hernandez . Soritana kosa anefa fa tsy tamin'iny fihaonana iny irery ihany no nisian'ny tsy fijeren'ny mpitsara lalao ny VAR toy izao, izay mahagaga ihany ny antony mahatonga an'izany. Saika efa nahitana tsy fandraisana fanapahan-kevitra tahaka izany avokoa ny fifaninanana goavana, toy ny Euro sy ny CAN ary ny Copa America, izay heverina fa anisan'ny fandaharana alefan'ny fahitalavitra betsaka mpanaraka indrindra eran-tany. Manoloana ny tsy famerenana ny fijerena an'ireny fitaovana ireny, dia mipetraka ny fanontaniana : " *Inona no antony ilaina ny fampiasana ny VAR* ? ". Valiny dia tsotra ihany : Hamerenana ny fizotran'ny lalao, isorohana ny hisian'ny disadisa sy ny sahotaka amin'ny fitongilanan'ny mpitsara eny ambony kianja, ahitana ny fahamarinan'ny baolina tafiditra - fampiasana herisetra - " position de hors jeux » - « penalty »…. Sarihina ny sain'ny mpitia kitra Malagasy fa tafiditra ao anatin'ny tetikasan'ny Federasionina Malagasy ny Baolina kitra (FMF) ny fametrahana ny VAR amin'ny kianja manara-penitra eto amintsika, ka dia mbola tsy voafaritra mazava aza ny toeram-pilalaovana asiana azy. Tsy azo ihodivirana intsony mantsy ny fametrahana an'itony fitaovana raitra sy lafo vidy manaraka ny toetr'andro itony, izay tena ilain'ny mpanao fanatanjahantena tokoa fa tsy amin'ny taranja baolina kitra irery ihany intsony, Na dia mafaitra sy masiaka aza mantsy ny sakay, hoy ny be hatsikana, dia tsy maintsy telina rehefa terena ny fihinanana azy. Raha ny fametrahana ny VAR eto amintsika, dia mbola mila fotoana maharitraritra vao mety azo ampiasaina izy ireny. Mpitsara lalao manokana, nahavita fianarana sy fiofanana, no misahana ny fampiasana azy, ary mila olombelona maro. Ankoatra an'izany dia tsy maintsy ovaina ihany koa ny toetsaina, mahazaka ny fanapahan-kevitra havoakan'ny mpitsara, aorian'ny fijerevany ny VAR. Tsy ho hita intsony ny fanajanonana ny lalao mialoha ny fotoana, ka aharava "tsy lera" ny fihaonana.

**aris rafaly**

## Rugby - CAN 2024/Mondial 2025

# Vonona handrombaka ny tapakila ny Ladies Makis

*Miandry ny fahatongavan'ny vahoaka Malagasy hanohana ny azy sisa ny Ekipam-pirenena, izay mampanantena ny hanao ny ainy tsy ho zavatra.*



**Vonona tanteraka ny Ladies Makis, izay efa anatin'ny heriny amin'izao fotoana izao.**

Herinandro sisa, hotanterahana etsy amin'ny kianja Makis Andohatapenaka, ny dingana famaranana amin' ny fiadiana ny CAN 2024, eo amin'ny taranja Rugby. Efa anatin'ny fahavononana tanteraka ny Makis de Madagasikara, izay efa anatin'ny fampivondronana etsy amin'ny toeram-piofanana Andohatapenaka. Miisa 30 mirahavavy izy ireo, izay raha ny fantatra dia ny 28 amin'izy ireo ihany no handrafitra farany Ladies Makis mandritra io fiadiana ny CAN 2024 io. Raha ny fandaharam-potoana, ny sabotsy 4 may no andro voalohany, ka ry zareo Afrika atsimo sy Kamerona no hanokatra izany amin'ny 1ora tolakandro. Aorian'io kosa, amin'ny 3ora, ny Makis de Madagasikara hifanandrina amin'i Kenya. Ity lalao ity dia miendrika famaranana kely alohan'ny fotoana, izy ireto no tombanana hiady ny tapakila faharoa, miaraka amin'i Afrika tsimo, ity farany, izay apetraka ho sangany indrindra. Amin'ny andro faharoa, alarobia 8 may dia hifandona amin'ny 1ora ry zareo Afrika Atsimo sy Kenya, amin'ny 3ora kosa ny Ladise Makis hifandrina amin'i Kamerona. Amin'ny alahady 12 may ny andro farany, ka hanokatra ny fotoana, ny fihaonan'ny Kenya sy Kamerona, aorian' io kosa no hifandona ny Afrikana Tatsimo sy Madagasikara, izay lalao tena andrasan'ny maro. Raha ny raikipohin'ny fifaninanana, izay tompondakan'i Afrika eo no hahazo ny tapakila avy hatrany handehanana any amin'ny fiadiana ny tompondaka era-tany, hiatrika lalao sakana kosa ny ekipa faharoa, ka mbola afaka miandrandra hatrany ny hahazoana ny tapakila ihany koa.

Stade Makis Andohatapenaka

# Amin'ny 29 avrily no hanaovana ny tombana

Raha tsy misy ny fiovana, amin'ny alatsinainy 29 avrily izao no hoavy eto ny Iraky ny World Rugby, hanao ny tombana farany ny Stade Makis Andohatapenaka. Nazava ny nambaran'ny filohan'ny Malagasy Rugby, Rakotomalala Marcel fa efa nahazo ny "homologation" izy ity saingy misy ireo "récommandation" napetraky ny World Rugby, toy ny fametrahana fefy "grillage" ao anatin'ny kianja. Tsy nanamaivana na nanao tsinona tsinona izany ny teo anivon'ny MR fa noraisainy ho matotra ny fangatahan'ny WR, ka efa andalana tanteraka ny fametrahana izany ary tsy ho ela dia ho vita ny asa. Marihana, manaraka ary mijery ireny lalao mitranga etsy amin'ny kianjan'ny Makis Andohatapenaka ireny izy ireo, ka mahita ny fiakaran'ny mpijery eny ambony kianja, indrindra rehefa vita ny baolina, izay tsy azo atao sy raràn'ny fitsipika mifehy ny World Rugby. Manentana hatrany ireny ankizy miakatra kianja ireny moa ny filohan'ny Malagasy Rugby, mba hahafahan'ny World Rugby sy ny Afrique Rugby manampy an'i Madagasikara, mba hiroso amin'ny sehatra ambony kokoa sy matihana.




**Efa mizotra tsara ny fametrahana ny "grillage" etsy amin'ny kianja Makis Andohatapenaka.**




**Efa manana ny stratejia handavoana ireo mpifanandrina amin'ny Makis ireto mpanazatra ireto.**



**Somary lehibe vatana ny Makis amin'izao raha ny fahitako azy, saingy mila tanjaka sy dona be raha te hahazo vokatra tsara, hoy i Sarah Razafimamonjy, vehivavy mpitsara baolina.**

Filohan'ny Malagasy Rugby

# Misaotra ny mpanohana sy ireo mbola hanohana

"Tsisy hipetrahana intsony fa efa akaiky ny fotoana », hoy ny filohan'ny Malagasy Rugby, Rakotomalala Marcel. Isaorana avokoa ireo efa nanampy, toy ny fitondram-panjakana izay manohana tanteraka ny Malagasy Rugby amin'ny fikarakarana, ny fanomanana ary ny fampiantranoana ity fiadiana ny CAN 2024 eto amintsika ity. Mankasitraka sahady ihany koa ireo mbola haneho ny fahavononana hitondra anjara biriky, indrindra ny vahoaka mpankafy, izay tsy voatery vola ihany, hoy ingahy Rakotomalala Marcel fa na ny fitrotroana ambavaka sy ny fanotronana ny ekipam-pirenena mandritra ny ady mafy hatrehany eny amin'ny kianjan'Andohatapenaka, dia efa hery sy zava-dehibe ho an'ny Ladies Makis. « Manana fanantenana tanteraka ny tenako », hoy ity filohan'ny MR ity ny hahazoantsika ny tapakila handehanana any amin'ny fiadiana ny Tompondaka eran-tany 2025, izay nanamafy fa efa manana ny stratejia hoentina handrodanana ny Afrika Atsimo ny teknisiana.




**Manana fanantenana amin'ireto Ladies Makis ireto ingahy Rakotomalala Marcel.**

Rasoanekena Veronique

# Tafaverina anatin'ny ekipam-pirenena



**Hitondra aingavao ho an'ny Ladies Makis indray Rasoanekena.**

Anisan'ny tazana anatin'ny ekipam-pirenena manaraka fampivondronana etsy amin'ny kianja Makis Andohatapenaka Rasoanekena Veronique. Nambarany, fa efa elaela izy no niverina nikotrana fa teny anivon'ny kliobany. Nampanantena izy fa hanao izay fara-hery hanampiana ny Makis de Madagascar, hahatongavana amin'ny tanjona dia ny handrombahana ny anaram-boninahitra ho tompondakan'i Afrika sy hahazoana ny tapakila handehanana any amin'ny "Mondial 2025". Tsiahivina, noho ny antony manokana niankina taminy, nitsahatra kely tsy nilalao Rugby Rasoanekena Véronique. Niaraha-nahita ihany ny fahabangany nandritra izay fotoana izay, tamin'ireo fifaninanana iraisampirenena natrehan'ny Makis de Madagascar tany ivelany sy teto an-toerany. Anisan'ny tsy niatrika iny CAN 2023 iny izy, izay natao teto tamin'ny taon-dasa ka inoana fa hitondra aingavao indray ho an'ny ekipam-pirenena Malagasy izao fiverenany izao.

Nanatontosa ny pejy :
ALAIN RABENAIVO

## Sarisary zary tenany

**Ecran**




## Hatsikana an-tsary

**Mitomany**




## Masoandro Miposaka

**Hebreo 12 : 7**

7 Famaizana no anton'ny iaretanareo; Andriamanitra mitondra anareo tahaka ny zanaka; fa aiza moa izay zanaka tsy faizan-drainy?

## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




## Ohabolana



**Tsy misy hidy tsy afaka alana, na hena tsy afaka am-bilany.**

Il n'y a pas de serrure qu'on ne puisse ouvrir, ni de morceau de viande qu'on ne puisse sortir de la marmite.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana **3229**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 2 | 7 | | | | | | 9 | |
| 1 | | | | 9 | 8 | 2 | 5 | |
| | | | | | 2 | | 6 | |
| 8 | | 1 | | | 5 | 6 | | 2 |
| | | | 8 | | 7 | 9 | | 5 |
| 9 | | | | | | | | 3 |
| | 2 | | 1 | | | 4 | | |
| | 9 | | 2 | | | 1 | | |
| 3 | | | | | 4 | 5 | | |

Valin'ny laharana **32278**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 8 | 1 | 5 | 7 | 2 | 6 | 4 | 9 | 3 |
| 7 | 4 | 9 | 8 | 1 | 3 | 2 | 6 | 5 |
| 2 | 3 | 6 | 9 | 5 | 4 | 8 | 1 | 7 |
| 4 | 9 | 1 | 5 | 3 | 2 | 7 | 8 | 6 |
| 5 | 2 | 7 | 4 | 6 | 8 | 9 | 3 | 1 |
| 6 | 8 | 3 | 1 | 9 | 7 | 5 | 4 | 2 |
| 1 | 7 | 2 | 6 | 4 | 9 | 3 | 5 | 8 |
| 9 | 5 | 8 | 3 | 7 | 1 | 6 | 2 | 4 |
| 3 | 6 | 4 | 2 | 8 | 5 | 1 | 7 | 9 |

**HOTSAKOTSAKOINA**

«Ny fifikirana no hampahomby anao eo amin'ny fotoana mampihitsoka ny hafa.»

**Ny Vetso (19.11.16)**

(«Les gens tenaces commencent leur réussite là où d'autres échouent.» Edward Eggleston)

Antsirabe

## Trano maromaro narodana, ampolony tsy nanan-kialofana tampoka



**Fianakaviana ampolony maro traboina tampoka. ( Sary : Andry N)**

Ranomaso, hiakiaka izay sisa azon'ireo fokonolona natao nanolona ny fandravana ny tranon'izy ireo tao amin'ny fokontany Antsenakely Antsirabe. Ny Alakamisy faha 25 Aprily vao maraina dia efa nihatrany teny an-toerana ny vaditany narahan'ny mpitandro filaminana nanantateraka ny didim-pitsarana. Raha ny angom-baovao teny an-toerana, efa nahatratra 50 taona mahery no nonina teo amin'ity toerana ity ireo fokonolona ireo, tany kisilasila no narenina hoy ny ray aman-dreny iray nanazava izay vao nanorina trano fonenana izay, tokony tamin'izany andro izany dia efa norarana fa tsy amin'izao fotoana, aty amin'ny taranaka aman-jafy aty vao esorina. Efa niakatra fitsarana indroa ny rahaha saingy tsy nahazo rariny tany amin'ny fitsarana mihitsy ireo fokonolona ireo, ny antony dia tany misy tompony io ary misoratra amin'ny teratany karana araky ny voasoratra ao anaty taratasin'ny tany sa "situation juridique". Tsy ireo olona ireo no napetry ny tompon-tany tany aloha tany fa taranaka aty aoriana ireo. Nanao fangatahana ny tany ireo taranaka ireo na "prescription acquisitive" P.A, tezitra noho izany ny tompon-tany ka nampiakatra ny raharaha teny anivon'ny fitsarana ka izao niafara tamin'ny fenesorana sy fandravana ny tanana izao. Tanimpanjakana no azo hanaovana P.A hoy hatrany ny vadintany nanazava fa tsy tany misy tompony. Ny taona 2021 no efa nivoaka ny didim-pitsarana fa mbola nifampirahaha tamin'ireo olona ireo ny tompon-tany noho ireo olona ireo sahirana saingy mbola nampiakatra ny rahaha ihany ireto farany ka izao tonga amin'ny fandrodanana tsy nisy hatakandro izao. Tsikaritra fa tonga tsikelikely teny amin'ireo olona tra-boina ireo ny kandidà mpilatsaka hofidiana solombambahoaka sasantsasany nitondra izay voatsirambin'ny tanany, mba mananaraotra ihany koa angamba ho fantam-bahoaka.

**Andry N.**

**Gazetiko**
Novokarina sy natontan'i MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola Ar 37 452 000
**Tale jeneraly :** Jeremy RABESAHALA
**Talen'ny Fanoratana :** Lucien RAHARISON 034 34 697 06
**Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :** Herivonjy RAJAONAH 034 34 697 10
**Birao sy fandraharahana :** Lalana Ravoninahitriniarivo
**B.P.** 1414 - Antananarivo
**Tél :** 038 34 344 34
**Fax.** 22 273 51
e-mail : midigazetikom@gmail.com
**D.L.I :** 16 656 - 04 - 24
Isan'ny natonta : 25 000

**Nahandro**

### Anamalaho sy akoho gasy

**Zavatra ilaina :** Akoho gasy antsasa-kilao, anamalaho 400ar, sira sy menaka 1cas

**Fikarakarana azy :** Ampan-gotrahina ho masaka ny akoho gasy, rehefa akaiky halemy vao arotsaka ny anamalaho. Mety amin'izao andro mangatsiaka izao no sady miaro amin'ny gripa ihany koa. Ampiarahana amin'ny vary mafana, dia aoka fotsiny.

dokamidi@gmail.com

## MANAMPY ANAO

**Permanences**
**27 avril au 03 mai 2024**

**PHARMACIE DE GARDE**

**ANTANANARIVO 24H/24H et 7j/7**

- 67HA - face Eglise Luthérienne - 020 22 253 61
- VOLAHANTA - Anosibe près du rond point vers Soanierana - 020 22 355 09/034 24 334 86
- NANISANA - Nanisana Iadiambola arret bus sapin 032 03 520 29/034 05 750 29
- AMBANIDIA - 020 22 255 50/033 05 255 50
- MAHAVOKY - Andravoahangy 020 22 255 51/ 034 89 056 09
- IARIVO - Analakely en face Institut d'hygiène sociale 020 22 224 26/020 22 699 19/034 16 326 06

**PÉRIPHÉRIE d'ANTANANARIVO 24H/24H et 7j/7**

Andoharanofotsy - 032 05 479 84 / 034 20 479 84
Grazia - Itaosy- 034 67 733 62
Anosizato - 020 22 631 43
Ambohibao - 020 22 482 64
Avaradrano - Analamahitsy- 020 22 423 65
Amboditsiry - 020 22 528 21 - 033 01 551 31 - 034 36 580 94
Soleil - Andrononobe - 034 20 356 51
Hasin'ny Aina - Mandroseza- 034 99 776 21
Ivato - 020 22 442 95
Ambohidratrimo - 034 29 358 45
Jade - près Horizon Ivato - 034 87 340 94
Sabotsy Namehana - 034 88 001 03
Amboara - Anosiala - 034 52 610 64
Ambohimahitsy - 034 33 304 17 / 034 95 882 30
Ambohimangakely - 034 25 372 52
Fenoarivo - Fenoarivo Alakamisy- 034 33 161 75
Fitiavana - Ankadikely - 020 22 436 33
Amoronakona By Pass - 034 36 115 15
Palais - Mandrimena Iavoloha - 032 42 713 67
Ankadindratombo - 032 82 588 02/034 02 588 02
By Pass Alasora - 032 12 525 25 / 034 98 525 25
Abondance - Ifarihy Ankaraobato - 034 75 214 36
S Namehana - Sabotsy Namehana - 034 81 689 47
Mitondrasoa - Fenoarivo - 034 01 707 07
Bongatsara - Bongatsara Iavoloha - 034 07 742 23
La Colombe - Itaosy - 034 60 396 61 / 033 64 280 42
Soa Ny Aina -Tsarahonenana - 034 31 018 20
MA Pharmacie - Ambohijanaka - 032 11 102 11
Ankaraobato en face CSBII - 034 64 330 62

**A.M.I.T.**

BEHORIRIKA TEL 22 303 83 / 22 383 52
ANTANIMENA TEL 22 303 86
TALATAMATY TEL 22 588 51
ANKADIMBAHOAKA TEL 24 819 81

**AMBULANCE**

- SERVICE DES URGENCES MPITSABO MIKAMBANA TEL: 0349023555 / 0334823555
- AMBULANCE MUNICIPALE TEL 22 200 40 / 033 65 333 22 / 033 65 444 22 / 033 65 555 22
- AMBULANCE POLYCLINIQUE D'ILAFY 24/24 TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73
- MEVA MEDICALE SERVICE TEL 033 11 195 33 / 032 04 922 69
- CDU (Centre de diagnostique et d'urgence médical) TEL 22 329 56/ 032 07 822 28/ 033 11 822 28
- AMBULANCE CLINIQUE DE TANJOMBATO TEL 033 11 313 85
- MATERNITE MARIES STOPES AVADOHA TEL 22 418 36 / 032 07 418 36 / 033 11 094 11
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL - 22 200 32 / 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60
- AMBULANCE ET URGENCE CRTM-OI - 034 01 015 55 / 032 07 255 52

**HOPITAUX ET CLINIQUES**

- CLINIQUE MPITSABO MIKAMBANA 24/24 ROUTE DE L'UNIVERSITE AMPASANIMALO TEL: 034 90 235 55 / 033 48 235 55

Miarinarivo

# Telo namoy ny ainy tao anatin'ilay fiara nitondra mpianatra avy nitsangantsangana

Nisehoana lozam-pifamoivoizana natsiravina tao Ambatofolaka lalam-pirenena voalohany, omaly tolakandro. Sprinter iray nitondra mpianatra avy nanao fitsangantsanganana "excursion" tany Ampefy ity tra-doza ity. Araka ny vaovao teny an-toerana dia miisa 3 no namoy ny ainy ary maro naratra. Hatreto araka ny angom-baovao vonjimaika izay voaray dia olona 7 no tonga tao amin'ny hopitaly. Mpianatra avokoa izy ireo ary maty teo no ho eo voatsindry tao. Potika tanteraka ihany koa ilay fiara sady niakatra ambony mihitsy ny kodiarany efatra. Mbola tsy fantatra kosa hatreto izay teny antony nahatonga ny loza. Raha ny tantaran'ny manodidina dia voalaza fa nandeha mafy ity fiara ity ary nisongona fiara iray teo alohany izay tao anaty fidinana. Nisy fiara hafa anefa nifanena taminy tampoka ka tsy hitany intsony izay natao. Ny hany farany heriny dia namily ilay fiarany tany amin'ny hantsana tany ankavian-dalana. Nivadibadika izy ireo vokatr'izany ka izao namoizana aina izao no niafaran'ny loza. Efa teny an-toerana ny mpitandro ny filaminana manao ny fizahana ny tranga. Ireo naratra ihany koa nentina avy hatrany namonjy ny hopitaly be ao Miarinarivo. Araka ny loharanom-baovao hatrany dia mpianatra EPP Ankaditany ireo tra-doza ireo. Ny zandary avy ao amin'ny brigady Miarinarivo no mandray an-tanana ny tohiny. Ireto farany izay mbola am-perinasa tanteraka ka tsy afaka nanome fanazavana mahafa-po rehefa nanontaniana ny zava-nisy sy ny votoatin'ny tranga. Andrasana ny araka izany ny fivoaran'ny raharaha.



**Ilay fiara tra-doza.**

**Deyland**

## TELEVIZIONA

MA TV MADAGASCAR

**SAMEDI 27 AVRIL 2024**

06.00 : Oran'ny fanantenana
06.35 : Salama va
07.30 : Mahandro ®
08.00 : Dessins animés
09.30 : Film Jeunesse
11.00 : FAM
12.00 : Météo
12.05 : A Votre Santé
13.30 : Série ®
13.45 : Film Romantique
15.45 : Ny Vehivavy
16.30 : Ny hery tsy mahaleo ny Fanahy
17.30 : Art Culinaire avec chef Dino
18.00 : Reportage : Chine-Afrique
18.15 : Fandaharana manokana
18.50 : M/car à l'heure du conservatoire
19.00 : Les infos de Ma-TV
19.30 : NY VAOVAO-N'NY Ma-TV
20.15 : Ankarihary
21.00 : Film Action
23.00 : JOURNAL INTERNATIONAL
23.45 : Film Dramatique
01.30 : Documentaire
03.00 : Film Aventure
05.00 : Antsam-piderana

## TELEFAONINA ILAINA

- CLINIQUE REINE MARIE- 4 RUE JOSEPH RAMANANDRAIBE - IMMEUBLE RALISON -ANTANIMENA - OUVERTURE 24h/24 Tél. : 034 20 239 72
- CENTRE HOSPITALIER DE SOAVINANDRIANA (HOMI) EX-GIRARD ET ROBIC TEL 23 397 51
- HOPITAL JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA (HJRA) TEL 033 11 890 58 / 22 279 79
- HOPITAL JOSEPH RASETA BEFELATANANA TEL 22 223 84
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE IMAHO ANALAMAHITSY TEL 034 01 651 99 / 033 03 875 61 / 032 04 680 06
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICAL ST PAUL AMBATOROKA TEL 034 71 394 95 / 034 45 076 23 - MEDICAL SERVICE CLINIQUE MEDICO-DENTAIRE LOT IVR 20 ANTANIMENA (24/24) TEL 22 641 93
- CROIX BLEU DE MADAGASCAR SIEGE ANTANINANDRO - PROBLEME D'ALCOOLISME ET DE TOXICOMANIE TEL/FAX 22 324 59 / 22 634 62 / 033 11 442 77 / 032 07 545 30
- MARIE STOPES INTERNATIONAL MATERNITE CLINIQUE LOT II P 136 BIS AVARADOHA TEL 22 418 36 / 033 11 084 11
- CLINIQUE ET MATERNITE ST FRANCOIS ANKADIFOTSY - TEL 22 235 54
- POLYCLINIQUE D'ILAFY AMBOHITRARAHABA (24/24) TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73 / 033 11 073 91 / 032 07 243 28 / FAX 22 425 64
- TOBIM-PITSABOANA LOTERANA AMBOHIBAO (HOPITAL LUTHERIENNE) TEL 22 441 88 / 22 485 17 (24/24)
- CENTRE DE SANTE BEHORIRIKA TEL 22 641 28 / 22 603 63 / 033 11 458 48 / 032 07 409 38
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE DE TANJOMBATO - LOT III A 42 - TEL 22 571 94/ 033 11 058 00
- PAVILLON SAINTE FLEUR CENTRE HOSPITALIER UNIVERSITAIRE JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA AMPEFILOHA - TEL 22 661 04 / 22 663 93 FAX 22 660 82
- CENTRE DE SANTE SAINT MICHEL ANDRAVOAHANGY TEL 033 16 028 62
- CARREFOUR MEDICAL AMPARIBE (Médecine générale) LOT VH 39 BIS TEL 22 651 59 (7j/7 - 24h/24)
- CENTRE MEDICAL AMBATOMENA (IMMEUBLE SICAM ANALAKELY) TEL: 22 211 70
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) - TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CENTRE MEDICAL COLISEUM TEL 034 03 847 39 - 032 99 286 69 (7/7 - 24H/24)

**ESPACE MEDICAL / SOS Médecins**

- AMBODIVONA TEL 22 625 66/ 034 02 088 16/ 034 02 00 911

**CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL**

- IMMEUBLE OSTIE ANOSIBE 1er ETAGE TEL 22 200 32/ 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60

**AROVY CLINIC**

ATRIUM ANKORONDRANO
Urgences : 032 23 217 17 (24/24 - 7/7)

**POMPIERS**

- TSARALALANA TEL 18 / 118 (Airtel) / 22 390 30 / 033 15 500 86
- AMBOHIMANARINA TEL 033 15 501 76

**POLICE SECOURS - GIR**

- TEL 22 357 09 / 22 357 10 / 117

**COMMISSARIATS**

- 1er ARRONDISSEMENT ANALAKELY TEL 22 280 54
- 2e ARRONDISSEMENT AMBOHIJATOVO TEL 22 309 46
- 3e ARRONDISSEMENT ANTANINANDRO TEL 22 291 30
- 4e ARRONDISSEMENT ISOTRY TEL 22 280 51
- 5e ARRONDISSEMENT MAHAMASINA TEL 22 280 48
- 6e ARRONDISSEMENT AMBOHIMANARINA TEL 22 225 52
- 7e ARRONDISSEMENT 67 HA TEL 22 291 29
- 8e ARRONDISSEMENT ANALAMAHITSY CITE TEL 22 493 25
- POSTE DE POLICE AMPEFILOHA TEL 22 280 46
- POSTE DE POLICE MAHATONY TEL 22 242 22

Fandaharana UP-Fankatia

# Télé-realité voalohany novokarina ho an'ny mpifankatia

*Sady afaka manatrika ny fandaharana mivantana na mijery amin'ny fahitalavitra ny olona.*

Sambany teto Madagasikara no hisy fandaharana vokarina ho an'ireo mpitovo maniry hahita olon-tiana mivantana ao anaty fahitalavitra na « télé-réalité » raha efa betsaka ny toy izany any am-pitandranomasina any. Misy ireo vondrona hita ao amin'ny tambajotran-tserasera ao natokana ho an'ny mpitovo maniry hahita ny sila-panahiny saingy tsy raisin'ny olona zavatra matotra izany. Nitsiry ny hevitra mba hahafahana miaina mivantana izany fitadiavana olon-tiana izany teo amin'ny Startimes sy Tvplus ka namokatra ny fandaharana hoe UP-Fankatia izy ireo. Fanehoana fomba vaovao manaraka ny toetry ny andro, miala amin' ny fomba nentim-paharazana sy ny fikaotiana sipa eny an-dalana ilay fandaharana.

Ny vehivavy no misafidy voalohany ny lehilahy roa ary ireto farany no misafidy izay vehivavy metimety sy mifanaraka aminy amin'ireo 12.

Atao fandaharana maharitra 40 minitra eo ho eo izany rehetra izany, ka hifandimby ao ny fifametrahana fanontaniana, ny fitantarana ny mombamomba ireo mpandray anjara amin'ny alàlan' ny horonantsary, fampisehoana talenta, sy ny maro hafa. Mety ho mpitovo, olona maniry hanambady, iaina anaty fiarahana matotra, reny mpitovo, manana ny asany manokana na tsia, avy amin'ny faritra maro, ary manana ny kolontsainy ny tsirairay. Omena fo roa ilay vehivavy ka ny iray miloko mena entina hilazana fa manaiky ilay tovolahy izy raha voasafidy na ny fo miloko mainty milaza fa tsy maniry hiray lalana aminy. Misy ireo olo-malaza antsoina hoe coach izay manome torohevitra manodidina ny fiainam-pitiavana ary manampy azy hisafidy izay olona mety aminy. Olona 50 eo no afaka mijery mivantana ny fandaharana na miandry ny fandefasana izany amin'ny fahitalavitra. Ho an'izay rehetra maniry handray anjara amin'ity fandaharana "télé-réalité" ity, misy ny fisoratana anarana sy famenoana antontan-taratasy ary fifampiresahana mivantana amin'ireo kandida izay tanterahina ny 3 sy 4 ary 5 may 2024 etsy amin'ny foiben'ny Startimes Nexus Andranobevava. Misy ny loka goavana ho an'ireo mpifankatia mendrika omanin'ny mpikarakara.



**Misokatra ho an'ny rehetra ny fisoratana anarana ny 3 hatramin'ny 5 may izao etsy Andranobevava.**

**Nath**

Urban Vibes

## Hanafana ny sehatra i Sayda, Ceasar, Lion Hill, Mad Max, Basta Lion




**Ireo tomponandraikitra nampahafantatra ny hetsika World Cola Urban Vibes.**

Mpanakanto 9 no hanafana ny hetsika World Cola Urban Vibes izay tanterahina etsy amin'ny Lapan'ny Kolontsaina Mahamasina ny 5 may 2024. Anisan'izany i Mr Sayda, Ceasar, Lion Hill, Basta Lion, Agrad, Skaiz, Rim Ka, Gaie, Mad Max. Hafanain'ny DJ 4 toa an'i Dj Gouty, Dix zéro neuf, ny fotoana izay hanomboka amin'ny 1 ora tolakandro. Fotoana efa andrasan'ny maro ity hetsika hivondronana mpanakanto maro ankafizin'ny tanora ity. Tafiditra ao anatin'ny fankalazana ny andiany faharoan'ny World Cola izay mpanohana ny hetsika Urban Vibes. Hiavaka ity andiany faharoa ity indrindra eo amin'ny seho an-tsehatra. Hisy ny fampiaraham-peo eo amin'ny mpanakanto ary ny fisiana « ecran géant » mirefy 75m2 araka ny fanazavan'i Sylvano Ratsimandresy avy ao amin'ny SR Event, mpikarakara. Noho ny fankalazana ny faharoa taonan'ny World Cola, hisy ny fanentanana sy lalao mivantana eny an-tsehatra ho an'ny rehetra ka hahazoana fanomezana maro eo noho eo. Tsy ho diso anjara ihany koa ny fahafahana mividy zava-pisotro vokarin'ny Star mandritra ny seho.

**Nath**

Mialy Rajoelina

# Tonga nanokatra ny hetsika fanatrarana ny fanaovam-bakisiny

"Miantso antsika ray amandreny aho, ataovy vakisiny ny zaza mba hiarovana azy ireo amin'ny aretina sy ny fahafatesana. Miantso ny fiangonana sy ny sekoly ary ny fikambanana ihany koa mba hanentana ny ray amandreny hampanao vakisiny ny ankizy. » hoy i Mialy Rajoelina, izay reny mpiahy ny fanaovam-bakisiny eto Madagasikara raha nandray fitenenana. Natomboka tamin'ny fomba ofisialy omaly tetsy Antanimenabe Ankorondrano tokoa ny hetsika fanatrarana ny fanaovam-bakisiny ho an' ireo zaza rehetra mbola tsy nahavita. Sady nankalazaina tamin'izay ihany koa ny 50 taonan'ny fandaharanasa fanaovam-bakisiny eto Afrika. Araka ny voalazan'i Matshidiso Moeti, Talem-paritry ny OMS eto Afrika, fa tao anatin'ny 50 taona izay, nahafahana mampihena ny isan'ny aretina mamono zaza be indrindra sy mampiakatra ny taham-pivelomana ny fandaharanasa fanaovana vakisiny. Firenena 42 amin'ireo 47 misy eto amin'ny faritra afrika, ka anisany i Madagasikara tamin'ny 2014, foana ny aretina tetanosy mpahazo ny renim-pianakaviana noho ny fanaovana vakisiny niaraka tamin'ny fomba fampiterahana madio. Etsy ankilan'izany, nanomboka tamin'ny 1988 hatramin' izao, nidina hatrany amin' ny 99 isanjato ny tahan'ny lefakozatra. Isaorana ny fandraisan'andraikitry ny rehetra indrindra ny mpitondra malagasy izay anisan'ny tsy nikely aina nanatsara ny tolotra ara-pahasalamana ho an'ny daholobe. Tamin'ny 2018, efa nahazo ny mari-pankasitrahana mihitsy i Madagasikara rehefa nambara fa tsy hatahorana intsony ny lefakozatra. Tsy niandriandry ihany koa nandray fepetra raha niverina nirongatra ny trangana lefakozatra tamin' ny 2020. Midera ny ezaka nataon'i Madagasikara izy ireo amin'ny vokatra tsara sy ny fandraisana anjara amin'ny ady iraisam-pirenena amin'ny famongarana ny lefakozatra. Mila miezaka isika hoy izy mba hisitrahan'ny zaza malagasy rehetra vakisiny sahaza azy.



**Tsy tokony hisy voadingana fa tokony ho vita vakisiny daholo ny zaza malagasy rehetra.**

**Nath**

Fikaonan-dohan'ny fivezivezena eto Antananarivo

## Hotohizana amin'ny dinika an-databatra boribory

Tontosa teny amin'ny CCI Ivato tamin'ny 24 sy 25 avrily lasa teo ny fikaonan-doha momba ny fivezivezena an-tanàn-dehibe eto Antananarivo. Nandray anjara mavitrika tao anatin'ireo atrikasa efatra notanterahina tao anatin'ity fikaonan-doha ity ny Minisitry ny fitaterana sy ny fanamtarana ny toetr'andro, Ramonjavelo Valéry, ary nanao fanambarana nandritra ny lanonam-pamaranana fa mbola hisy ny dinika an-databatra boribory iarahana amin'ireo tomponandraikitra voakasika sy ireo mpisehatra ary ireo mpamatsy vola hijerena ny fomba hanatanterahana ireo vina hoentina manatsara sy mampandroso ny fivezivezena an-tanàn-dehibe. Fanamby napetraka ihany koa ny hanatanteraka fikaonan-doha any amin'ireo faritra hafa manerana ny Nosy ho fanatsarana sy fandrindrana ny fivezivezena isam-paritra. Raha hiverenana ny roa andro niarahan'ireo mpisehatra amin'ny fitaterana na avy amin'ny fanjakana na avy amin'ny tsy miankina teny Ivato, dia nisy ny fandravonana ireo hevi-dehibe nivohitra tamin'io fotoana io, izay harafitra ho tondrozotra azo trandrahina avy hatrany ho fanatsarana sy fampivoarana ny fivezivezena an-tanàn-dehibe eto Antananarivo sy ny manodidina.

**R. Muray**



**Samy nitondra ny fahaiza-manaony tao anatin'ny fifanakalozan-kevitra.**


NEW
Shell
FuelSave
Raha solika mandaitra
sy tsara kalitao,
safidio Shell.
GCL 812/5-2
Ny tombony sy vokatra ho azo dia miankina sy miova araky ny karazan'ny fiara, ny toe-batany sy ny fomba fitondrana azy. Tsy misy antoka omena. Tsidio ny www.shell.mg ho an'ny fanazavana fanampiny.
GO WELL